REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
************

MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA

# FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA VANONA

## TOROLALANA HO AN'NY MPAMPIANATRA




T9

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

PNUD

tahana sy ainga ho an'ny tambazotran'ny olompirenena

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
*************

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

*Novokarin'ny ekipa mpamolavola ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena*

# FANABEAZANA HO OLOMPIRENENA VANONA

T9

© MEN 2024

# Teny fanolorana



Imasoan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ny fanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana. Mitohy hatrany, araka izany, ny ezaka famolavolana fitaovana hoentin'ireo mpampianatra mampitombo ny fahaiza-manao efa ananany sy ahafahan'ireo mpianatra mivoatra hatrany. Ho fampiakarana ny lentam-panabeazana eto Madagasikara no antom-pisian'izany.

Atolotra ho antsika mpampianatra ity boky tari-dalana hoenti-mampianatra ny taranja « Fanabeazana ho Olompirenena Vanona (FOV) » ity, hanampy amin'ny fampitana fahalalana ; indrindra hanatratrarana ny fahaiza-manao entin'ireo mpianatra miaina eo anivon'ny ankohonana, ny fiarahamonina sy ny firenena. Fitaovana sarobidy ity tahirin-kevitra ity noho izy tsy mikatsaka afa-tsy ny tombontsoa ambony ho an'ireo mpianatra.

Taranja omen-danja manokana ity FOV ity noho izy fototra ahafahana mamerina ireo soatoavina sy fahendrena izay mihavery ankehitriny. Olompirenena vanona, mandray an-tanana na ny hoaviny na ny hoavin'ny firenena rahatrizay no kendrentsika amin'izany.

Tolorana fisaorana etoana ireo rehetra nifanome tanana, nanao soroka miara-milanja, saina miara-mihevitra teo amin'ny fanatontosana izao tari-dalana ho anareo mpampianatra izao.

Masa-bary maito kitoza, araka izany, izao vokatra atolotra izao. Alao hery ry mpampianatra namana fa miantsoroka andraikitra mavesatra isika hahatonga ireo mpianatra ho olompirenena vanona sy vonona, fototra iorenan'ny firenana malagasy matanjaka rahampitso.

Minisitry ny Fanabeazam-pirenena

Dr. SAHONDRARIMALALA Marie Michelle

# Teny mialoha

« Izay tsy mahay sobika, mahay fatam-bary » hoy ny Ntaolo. Mifanome tanana isika, noho izany, hahatonga ireo mpianatra ho olompirenena vanona tokoa.

Itambaran'ny tari-dalana ho an'ny taona fahenina (T6), fahafito (T7), fahavalo (T8) ary fahasivy (T9) ity boky tari-dalana hampianarana ny taranja FOV ho an'ny mpampianatra ity. Trandrahina ato avokoa ireo lohahevitra efatra (4) hita ao anatin'ny fandaharam-pibeazana :

- Ny fanajana ny maha olona sy ny fifandraisana amin'ny hafa ;
- Ny fanajana ny zo sy ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra ;
- Ny fitiavan-tanidrazana ;
- Ny fanabeazana ara-tsosialy sy ara-bola.

Amin'ny maha tari-dalana azy dia fitaovana iray entintsika mpampianatra manatanteraka sahanasa na seho ao an-dakilasy izy ity. Ahasinkasina ao anatin'izany ireo andraikitry ny mpianatra, ireo andraikitra sahanintsika mpampianatra, ny tetika amam-paika sy ny fitaovana hanatanterahana izany. Manaraka ireo dingana arahina hita any amin'ny bokin'ny mpianatra izany mba hanatratrarana ny voka-pianarana manokana samihafa ao amin'ny fandaharam-pibeazana.

Tsara ny mampahatsiahy fa ireo lohahevitra sy ireo sahanasa rehetra trandrahina amin'ny maha fanabeazana ho olompirenena vanona azy dia isan'ny natao hahatratrarana ny fahaiza-manao enti-miaina. Ireto avy izany :

- fahafantarana sy fanomezana lanja ny tena ;
- fahafehezana ny fifandraisana sy fiarahamonina amin'ny hafa ;
- fandraisana fanapahan-kevitra ;
- fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina.

# Fizahan-takila


Teny fanolorana .......... 5

Teny mialoha .......... 6

**LOHAHEVITRA VOALOHANY : NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'NY HAFA** .......... 9

Lesona voalohany : ny fialamboly .......... 11

Lesona faharoa : ny fahamendrehana .......... 17

**LOHAHEVITRA FAHAROA : NY FANAJANA NY ZO SY NY FANATANTERAHANA NY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA** .......... 23

Lesona fahatelo : ny fiarovana ny tontolo iainana .......... 25

Lesona fahefatra : ny fisorohana ny loza .......... 31

Lesona fahadimy : ny zon'olombelona .......... 37

Lesona fahenina : ny fandriampahalemana .......... 45

**LOHAHEVITRA FAHATELO : NY FITIAVAN-TANINDRAZANA** .......... 53

Lesona fahafito : ny fifidianana .......... 55

Lesona fahavalo : ny ady amin'ny kolikoly .......... 61

Lesona fahasivy : ny fifampitsimbinana .......... 67

Lesona fahafolo : ny fanandratana ny vita malagasy .......... 75

**LOHAHEVITRA FAHEFATRA : NY FANABEAZANA ARA-TSOSIALY SY ARA-BOLA** .......... 81

Lesona faha iraika ambin'ny folo : ny fitantanam-bola .......... 83

# LOHAHEVITRA VOALOHANY : NY FANAJANA NY MAHA OLONA SY NY FIFANDRAISANA AMIN'NY HAFA

## NY FIALAMBOLY

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fahamendrehana , fahaizana miara-miaina |
| **Voka-pianarana manokana** | Maneho toetra amam-pihetsika mendrika rehefa miala voly. |
| **Votoatiny trandrahina** | ► Ireo fialamboly sy ny voka-tsoa azo avy aminy.<br>► Ireo toetra amam-pihetsika irina ananana rehefa miala voly. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo fialamboly sy ny voka-tsoa azo avy aminy ary ireo toetra amam-pihetsika tokony ananana rehefa miala voly. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ► Resy lahatra fa maro ireo voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly.<br>► Resy lahatra fa ilaina ny maneho toetra amam-pihetsika mendrika rehefa miala voly. |

**Fahaiza-manao enti-miaina**

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

- ► Mahay mandrindra ny fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- ► Mahay mifandray tanora/tanora.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**

Mahay mandrindra ny fihetseham-po.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra ho amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**

- ► Fahaizana maka ny toeran'ny hafa.
- ► Mandala ny soatoavina.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

Mihetsika mba hahatratra tanjona.

**Fitondran-tena andrasana**

Manana toetra mendrika rehefa miala voly.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mamaky tantara kely.
- Milaza ny votoatin-dresaka.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mampamaky tantara kely.
- Mitarika ny mpianatra hilaza ny votoatin-dresaka.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Tetika amam-paika***

Tantara kely

## VALINY ANDRASANA

Handeha hanao baolina i Bao. Nilaza taminy i Nivo fa tsy dia manintona azy ny fialamboly fa aleony matory. Nazavain'i Bao taminy anefa ny tombontsoa azo avy amin'ny fialamboly ka nanapa-kevitra izy fa hiaraka aminy.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mamantatra ireo karazana fialamboly sy ny voka-tsoa azo avy aminy.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra hamantatra ireo karazana fialamboly sy ny voka-tsoa azo avy aminy.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Tantara kely

## VALINY ANDRASANA

Ny filalaovana baolina kitra sy basikety dia mahasalama.
Ny katro dia mampivelatra saina sy mampitombo fahalalana.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Manao ao anaty boribory izay fialamboly efa nataony.
- Mamantatra ireo voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly.
- Mamantatra ireo toetra amam-pihetsika tokony hananana rehefa miala voly.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hanao ao anaty boribory izay fialamboly efa nataony.
- Mitarika ny mpianatra hametraka X ao amin'ny kiefitra « voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly » mifandraika amin'ny sary.
- Mampirisika ireo mpianatra hanisy tsipika eo ambanin'ireo toetra amam-pihetsika tokony hananana rehefa miala voly.
- Mandravona ny asa ary mamintina izay voalaza.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Fafana mahakasika ny voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly

## VALINY ANDRASANA

1. Ireo fialamboly efa natao

Valiny malalaka

2. Ireo voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly

| | Voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | **Mampatanjaka ny vatana** | **Mampatsilo saina** | **Manampy amin'ny fahatomombanan'ny fanahy maha-olona** | **Mampianatra mifehy ny fihetseham-po** | **Mampavitrika** |
| ANKIZY MILOMANO | X | X | X | X | X |
| ANKIZY MANAO FANORONA | | X | X | X | |
| ANKIZY MANAO ANKIAFINA | X | X | X | X | X |

## VALINY ANDRASANA

| | Voka-tsoa azo avy amin'ny fialamboly | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | Mampatanjaka ny vatana | Mampatsilo saina | Manampy amin'ny fahatomom-banan'ny fanahy mahaolona | Mampianatra mifehy ny fihetseham-po | Mampavitrika |
| ANKIZY MILALAO VOLLEYBALL | X | X | X | X | X |
| ANKIZY MILALAO KANETY | | X | X | X | |
| ANKIZY MILALAO SABAKA | X | X | X | X | X |

Asiko tsipika eo ambanin'ireo toetra amam-pihetsika tokony hananana rehefa miala voly.

- <u>Mandrindra ny fihetsiky ny vatana.</u>
- <u>Mifanampy</u>
- Tezitra rehefa resy.
- <u>Mifehy ny fihetsika tsy handratra ny mpifanandrina rehefa milalao.</u>
- Miady rehefa milalao.
- <u>« Fairplay »</u>
- <u>Misintona anatra hanatsarana ny ho avy rehefa avy miala voly.</u>
- Mieboebo

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidy mahakasika ny fialamboly.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika  ny mpianatra hitanisa izay tadidiny mahakasika ny fialamboly.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- Ireo fialamboly :
  - milalao baolina kitra ;
  - milomano ;
  - milalao basikety ;
  - manao fanenjika ;
  - manao dihim-bazaha ;
  - mandihy ;
  - mihira ;
  - manao vitsilia ;
  - manao katro ;
  - manao fanorona ;
  - manao karatra ;
  - manao daomy ;
  - mamaky boky ;
  - mihaino hira ;
  - mijery horonan-tsary ;
  - mitsangatsangana ;
  - manao moraingy ;
  - manao tso-bato ;
  - manao kisatady ;
  - manao raosijamba ;
  - manao ankamantatra ;
  - mampiady ravin-kazo ;
  - manao avy mangataka ;
  - manao tsikonina.

- Ireo voka-tsoa azo avy amin'ireo fialamboly :
  - mampivelatra saina ;
  - mampitombo fahalalana ;
  - mampivelatra vatana ;
  - mahasalama ;
  - mampianatra mifehy ny fihetseham-po ;
  - manampy amin'ny fahatomombanan'ny fanahy maha olona.
- Ireo toetra amam-pihetsika tokony hananana rehefa miala voly :
  - fandrindrana ny fihetsiky ny vatana ;
  - fifehezana ny fihetsika tsy handratra ny mpifanandrina ;
  - fifehezana ny fihetseham-po raha resy na mandresy ;
  - fisintonana anatra hanatsarana ny ho avy rehefa avy miala voly.

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mameno ny banga.
- Mamantatra ireo toetra amam-pihetsika voalaza.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hameno ny banga.
- Mitarika ny mpianatra hametraka X ao amin'ny kiefitra mifanaraka amin'ny toetra amam-pihetsika voalaza.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Fenoiko amin'ireto teny manaraka ireto ny banga : « mampavitrika » , « mampivelatra saina »**

1. Ny filalaovana katro dia **mampivelatra ny saina.**
2. Ny filalaovana baolina kitra dia **mampavitrika.**

## VALINY ANDRASANA

**Asiko X izay kiefitra mifanraka amin'ny toetra amam-pihetsika voalaza.**

| | MENDRIKA | TSY MENDRIKA |
|---|---|---|
| Resin'i namako tamin'ny fanorona aho. Tezitra mafy aho ka niady tamin'ilay mpandresy. | | X |
| Nanao baolina izahay androany. Nitandrina tsara aho nandritra izany mba tsy handratra ireo mpifaninana amiko. | X | |
| Nianjera ny mpifaninana tamiko nandritra ny kilalao nataonay ka nampiako izy hitsangana. | X | |
| Nofinganiko ilay mpifaninana hazakazaka tamiko mba handreseko. | | X |

## IAINAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

1. Mamorona seho sehatra izay ahitana fanentanana ny hafa haneho toetra amam-pihetsika mendrika rehefa miala-voly.
2. Milalao ilay seho sehatra.

***Andraikitry ny mpampianatra***

1. Mizara ny mpianatra ho tarika 4
2. Mitarika ny mpianatra hamorona seho sehatra izay ahitana fanentanana ny hafa haneho toetra amam-pihetsika mendrika rehefa miala voly.
3. Mitarika ny mpianatra hanatanteraka ny seho sehatra.
4. Mandravona izay voalaza isan-tarika.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Asan-tarika
- ▶ Fanehoana am-pahibemaso ny vokatry ny asa an-tarika

## VALINY ANDRASANA

Valinteny malalaka fa tsy mivaona amin'ny votoatiny.

# NY FAHAMENDREHANA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fahamendrehana , fahaizana miara-miaina |
| **Voka-pianarana manokana** | Maneho fahamendrehana amin'ny fomba fiteny, fihetsika, sy fitafy enti-manaja ny tena sy ny hafa. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo fomba fiteny na fomba fanehoan-kevitra enti-manaja ny tena sy ny hafa.<br>▶ Ireo fomba fihetsika enti-manaja ny tena sy ny hafa.<br>▶ Ireo fomba fitafy araka ny sehatra enti-manaja ny tena sy ny hafa. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo toetra amam-pihetsika ary fitafy maneho fahamendrehana. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | Resy lahatra fa zava-dehibe ny fomba fiteny, fihetsika ary fitafy maneho fahamendrehana. |

**Fahaiza-manao enti-miaina**

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**
Mahafantatra Soatoavina.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**

- ▶ Mandrindra fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- ▶ Mandrindra ny finamanana.
- ▶ Mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mifampiraharaha.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra ho amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**
Afaka mamaha olana.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina**

- ▶ Mahay maka ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mandala ny soatoavina.
- ▶ Mihetsika mba hahatratrarana ny tanjona, fanentanana.
- ▶ Mandray andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana**

Mendrika amin'ny fihetsika, fiteny ary fitafy.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mandinika ireo sary ary milaza izay hitany.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mampandinika ny mpianatra ireo sary rehetra ary mitarika azy hilaza izay hitany.

***Tetika amam-paika***

- Asa samirery
- Tosa-kevitra

**Fitaovana**

Sary

## VALINY ANDRASANA

Sary 1 : Ankizy mandalo eo anoloan'ny olon-dehibe mipetraka, ka sady manao fihetsika mbay lalana no miteny hoe « Azafady tompoko ! »

Sary 2 : Ankizy miteny amina be antitra izay mitondra entana maro sy mavesatra hoe « Ao ampiako ianao ! »

Sary 3 : Ao anaty fiara fitateram-bahoaka, misy vehivavy bevohoka mitsangana eo akaikina tanora mipetraka ary misaka paosy.

Sary 4 : Misy olona mianjera ary misy tanora maromaro manondro sy mihomehy azy.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Manasongadina ireo fihetsika maneho fahamendrehana.
- Manasongadina ireo fihetsika maneho tsy fahamendrehana.
- Milaza ny tokony hatao tamin'ireo fihetsika maneho tsy fahamendrehana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hanasongadina ireo fihetsika maneho fahamendrehana.
- Mitarika ny mpianatra hanasongadina ireo fihetsika maneho tsy fahamendrehana.
- Mitarika ny mpianatra hilaza ny tokony ho natao tamin'ireo fihetsika maneho tsy fahamendrehana.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Ireo sary rehetra

## VALINY ANDRASANA

- Ireo fihetsika maneho fahamendrehana :

Ilay ankizy mandalo eo anoloan' ny olon-dehibe maromaro mipetraka, ka sady manao fihetsika mbay lalana no miteny hoe « Azafady tompoko ! »

Sy ilay ankizy miteny amina be antitra izay mitondra entana maro sy mavesatra hoe « Ao ampiako ianao ! »

- Ireo fihetsika maneho tsy fahamendrehana :

Ilay ao anaty fiara fitateran-bahoaka, misy vehivavy bevohoka mitsangana eo akaikina tanora mipetraka ary misaka paosy.

Ilay misy olona mianjera ary misy tanora maromaro manondro sy mihomehy azy.

- Ireo tokony ho natao :

Sary fahatelo : Tokony nanome toerana ilay vehivavy bevohoka ilay tanora.

Sary fahefatra : Tokony tsy nihomehy an'ilay olona nianjera fa mampiarina azy.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mameno ny banga.
- Manisy tsipika eo ambanin' izay fomba fiteny maneho fahamendrehana eo anivon'ny fiarahamonina.
- Mamantatra ireo fomba fitafy maneho fahamendrehana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hameno ny banga.
- Mitarika ny mpianatra hanisy tsipika eo ambanin' izay fomba fiteny maneho fahamendrehana eo anivon'ny fiarahamonina eto ambany.
- Mitarika ny mpianatra hametraka M eo ambanin'ny sary ahitana fomba fitafy maneho tsy fahamendrehana.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

1. **Fenoiko ny banga :**

- Rehefa mandika olona aho dia manao ***mbay lalana***.
- Rehefa misy olona manana fahasembanana milahatra dia avelako ***handeha*** ***eo*** aloha.
- Eny amin'ny lalana ***natokana ho an'ny mpandeha an-tongotra*** aho no mandeha fa tsy eny amin'ny lalan'ny ***fiara***.
- Tsy ***miteny*** aho rehefa misy sakafo ao am-bavako.
- Rehefa manao fotoana amin'olona aho dia mila ***tonga ara-potoana***.
- Eny amin'ny ***lava-piringa*** aho no manao maloto fa tsy eny an-dalambe.
- Tsy ***manimba*** ny fananana iombonana aho.

2. **Asiako tsipika eo ambanin' izay fomba fiteny maneho fahamendrehana eo anivon'ny fiarahamonina.**

- Miandry omena fitenenana vao miteny. (underlined)
- Milaza ny tsara amin'ny hafa. (underlined)
- Mivatravatra.
- Mifidy ny teny ampiasaina. (underlined)
- Miteny maotina. (underlined)
- Manompa.

3. **Marihiko M eo amin'ny kiefitra akaikin'ny tantara kely ahitana fomba fitafy maneho fahamendrehana.**

| | |
|---|---|
| Voaasa hamonjy lanonana fitokanana sekoly i Koto androany. Adinony fa fitafiana fitondra matory no nanaovany. | |
| Nahita an'i Njaka aho teo. Handeha hivavaka hono izy. Lobaka sy pataloha velon-drirana ny akanjo nanaovany | M |
| Nandeha nianatra i Miora. Akanjo mihanjaka no nanaovany : mampiseho foitra sy zipo hatreny am-potope. | |
| Nanao baolina izahay omaly. Nanao fanamiana ara-panatanjahantena mitovy daholo : akanjo ambony sy kilaoty. | M |

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidiny mahakasika ny :

- fomba fihetsika maneho fahamendrehana ;
- fomba fiteny maneho fahamendrehana ;
- fomba fitafy maneho fahamendrehana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ireo mpianatra hitanisa izay tadidiny mahakasika ny :

- fomba fihetsika maneho fahamendrehana ;
- fomba fiteny maneho fahamendrehana ;
- fomba fitafy maneho fahamendrehana.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

Tanisaiko izay tadidiko mahakasika ireo :

- fomba fihetsika maneho fahamendrehana :
  - manome toerana ny vehivavy bevohoka ;
  - manarina ny olona nianjera ;
  - manampy ny olona mitondra entana mavesatra ;
  - manao mbay lalana sy miteny azafady rehefa mandalo eo alohan'olona ;
  - tsy mandrora eny an-dalambe ;
  - tsy manary fako eny an-dalambe ;
  - eny amin'ny lavapiringa no manao maloto fa tsy eny an-dalambe ;
  - eny amin'ny lalana natokana ho an'ny mpandeha an-tongotra no mandeha ;
  - tsy manimba ny fananana iombonana ;
  - tsy miteny rehefa misy sakafo ao am-bava ;
  - rehefa manao fotoana amin'olona dia mila tonga ara-potoana.
- fomba fiteny maneho fahamendrehana eo anivon'ny fiarahamonina :
  - tsy mitsatsaingoka ;
  - tsy manambany ;
  - tsy miteny ratsy ;
  - tsy manompa.
  - Tsy mivatravatra.
  - Fidina ny teny ampiasaina, izany hoe hafa rehefa ny mpinamana no miresaka ary hafa rehefa miresaka amin'ny olon-dehibe na olona tsy fantatra.
- fomba fiteny izay fadiana ny mamoaka azy eo anivon'ny fiarahamonina :
  - mivatravatra ;
  - manopa.
- fomba fitafy maneho fahamendrehana :
  - akanjo madio ;
  - fitafy maotina : tsy mampiseho fitanjahana.
- fomba fitafy tsy mendrika mila fadiana :
  - ny manao akanjo fitondra milomano nefa hamojy lanonana ;
  - manao zipo hatreny am-potope nefa handeha mianatra.
  - ...........

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mitarika ny mpianatra hameno ny fafana sy hanazava am-bava ny tohan-kevitra omeny.
- Mitantara tranga maneho tsy fahamendrehana efa hitany na niainany ary milaza izay tokony ho nataony teo anoloan'izay.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hisafidy ireo fihetsika maneho fahamendrehana na tsia amin'ny alalan'ny famenoana ny fafana ka :
  - mizara ho roa ny solaitrabe amin'ny alalan'ny tsipika.
  - manonona ny fehezanteny ny mpampianatra ka mikisaka any amin'izay heveriny ho toetra amam-pihetsika mifandraika amin'izay voalaza ny mpianatra (afaka atao fihetsika ihany koa, izany hoe mandroso in-droa raha toetra amam-pihetsika mendrika ary mihemotra in-droa raha tsy mendrika) ary mitarika azy ireo hanohana ny heviny.
- Mitarika ny mpianatra hitantrara momba izay trangana tsy fahamendrehana hitany na niainany ary milaza izay tokony ho nataony teo anoloan'izay :
  - Efa nahita na niaina trangana tsy fahamendrehana ve ianao ?
  - Taiza ary oviana ?
  - Inona no nitranga tamin'izay ?
  - Inona anefa no tokony ho toetra amam-pihetsika naneho fahamendrehana natao ?
  - Manendry mpianatra vitsivitsy hitantara ny tranga amin'ny iray kilasy.

***Tetika amam-paika***

Kilalao « safidy »

Asan-tarika

## VALINY ANDRASANA

| MENDRIKA | TSY MENDRIKA |
|---|---|
| ▶ Omena toerana ny vehivavy bevohoka na mitaiza kely rehefa anaty fiara fitateram-bahoaka<br>▶ Any anaty toerana voatokana no ariana ny fako.<br>▶ Manome tanana raha mahita olon-dehibe mitondra entana mavesatra.<br>▶ Manao mbay lalana raha mandika olona.<br>▶ Arenina raha sendra mahita olona lavo<br>▶ Tsy mandrora eny andalambe.<br>▶ Eny amin'ny lavapiringa no manao maloto.<br>▶ Hajaina ny fananana iombonana.<br>▶ Madio ny akanjo entiko mivoaka ny trano.<br>▶ Misafidy ny teny ampiasaina. | ▶ Miteny ratsy rehefa miresaka.<br>▶ Tara rehefa manao fotoana aman'olona.<br>▶ Mandeha an-tongotra eny amin'ny arabe.<br>▶ Mihomehy raha mahita olona potraka.<br>▶ Manao teny mandratra.<br>▶ Miteny rehefa misy sakafo ao am-bava.<br>▶ Mivatravatra rehefa miteny. |

Tantaraiko ireo tranga maneho tsy fahamendrehana efa hitako na niainako, ary lazaiko ny tokony ho natao manoloana izay.

Valin-teny malalaka

## IAINAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mamorona seho sehatra iray ahitana ireo fomba fiteny sy fihetsika ary fitafy enti-manaja ny tena sy hafa.
- ▶ Milalao ny seho sehatra avy eo.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mitarika ny mpianatra hamorona seho sehatra iray ahitana ireo fomba fiteny sy fihetsika ary fitafy enti-manaja ny tena sy hafa.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hilalao ny seho sehatra izay noforoniny.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Asam-baomiera :

Tarika 1 : fomba fiteny enti-manaja ny tena sy hafa

Tarika 2 : fomba fihetsika enti-manaja ny tena sy hafa

Tarika 3 : Fomba fitafy enti-manaja ny tena sy hafa

- ▶ Fanehoana ampahibemaso

## VALINY ANDRASANA

Valin-teny malalaka tsy mivaona amin'ny votoatiny

# LOHAHEVITRA FAHAROA : NY FANAJANA NY ZO SY NY FANATANTERAHANA ADIDY AMAN'ANDRAIKITRA

# NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fitsinjovana ny hoavy, fanajana ny hasin'ny aina |
| **Voka-pianarana manokana** | Mamaha ny olana vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo olana sedraina eo amin'ny lafiny tontolo iainana.<br>▶ Ireo voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo iainana.<br>▶ Ireo fomba enti-manatsara ny tontolo iainana. |
| **Fahalalana** | ▶ Mahafantatra ireo olana sy voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo iainana ary ireo fomba fitandrovana sy fanatsarana ny tontolo anaty ranomasina. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ▶ Resy lahatra fa mila arovana ny tontolo iainana.<br>▶ Ilaina fiarovana ny tontolo iainana hitsinjovana ny taranaka hoavy.<br>▶ Mila mandray anjara ny tsirairay entina miaro ny tontolo iainana. |

**Fahaiza-manao enti-miaina**

- ▶ Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena : manana fomba fijery miabo, afaka mamaritra tanjona eo amin'ny fiainana sy mandrafitra ny fomba hanatratrarana an'izany, manana fahatokisana ny tenany.
- ▶ Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa : mahay mifandray tanora/ tanora, tanora/olon-dehibe, mahay mifampiraharaha.
- ▶ Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny ho avy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana : afaka mamaha olana, manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy sy trangam-piainana, toe-tsaina mahay mamorona, mihetsika mba hahatratrarana ny tanjona.
- ▶ Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina : mahay mitsikera, mahay mamorona, mahay mandray fanapahan-kevitra, fandraisana andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana :**

- ▶ Maneho ireo toetra amam-pihetsika mendrika manaja ny tontolo iainana (tontolo anaty ranomasina).
- ▶ Manentana ny mpiara-belona haneho toetra amam-pihetsika mendrika manaja ny tontolo iainana (tontolo anaty ranomasina).
- ▶ Mametraka soatoavina mahakasika ny tontolo iainana.

## DINIHIKO

?

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mijery sy mandinika ny takela-tsary « tontolo anaty ranomasina ».
- ▶ Milaza ireo tontolo roa samihafa hita amin'ny sary.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Maneho ny takela-tsary « tontolo anaty ranomasina ».
- ▶ Mampandinika ny takela-tsary ka mitarika ny mpianatra hanatsoaka hevitra mahakasika ireo tontolo roa samihafa.

***Tetika amam-paika***

Tosa-kevitra arahina fandravonana

***Fitaovana***

Takela-tsary « tontolo anaty ranomasina »

## VALINY ANDRASANA

1. Tontolo iainana anaty ranomasina roa samihafa
2. Sary voalohany : tontolo simba (trondro maty, zava-maniry an-dranomasina malazo, fako isan-karazany toy ny harona, tavoahangy, siny plastika, ...)
   Sary faharoa : tontolo mahafinaritra, maroloko, zava-mananaina mbola velona.

   Sary fahatelo : harato misy trondro vaventy sy trondro madinika.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mamoaka :
  - ny olana ankapobeny iraisana mahakasika ny « tontolo anaty ranomasina » izay hita amin'ny sary.
  - ireo antony mahatonga ny olana.
  - ireo voka-dratsy mihantra amin' ireo zava-manan' aina ao anaty ranomasina hita taratra eo amin'ny sary
- Mameno ny hazon'olana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

**Fanomanana**

Manao sary hazo misy fakany, vatany ary rantsany amin'ny taratasy lehibe miisa 4 (arakaraka ny isan'ny iray lakilasy ny vondrona mpianatra).

**Mandritra ny sahanasa**

**Fametahana ilay olana**

- Mizara ny mpianatra ho vondrona 4.
- Manome taratasy lehibe iray isaky ny tarika misy ilay sarina hazon'olana.
- Mampiseho ilay sary hazo efa voaomana.
- Mampitady ny olana ankapobeny iray izay iraisana mahakasika ny « tontolo anaty ranomasina » izay hita amin'ny sary isaky ny vondrona mpianatra tsirairay.
- Mampanoratra ilay olana amin'ny karatra VIPP iray miloko isaky ny vondrona mpianatra.
- Mampaneho ny olana tsirairay izay hitany ny vondrona mpianatra.
- Manentana ny mpianatra hamoaka olana iray manokana amin'ny alalan'ny fandravonana ireo olana efatra hita.
- Mampanoratra ilay olana iraisana amin'ny karatra VIPP ary mampametaka izany eo afovoan'ilay vatan-kazo.
- Mampaneho ny asam- bondrona

**Fitadiavana ny anton'ny olana**

- Mampametaka ilay olana iraisana eo afovoan'ilay vatan-kazo.
- Mizara karatra VIPP mitovy loko maromaro amin'ny vondrona tsirairay.
- Mampanoratra antony maromaro izay hita amin'ny sary voalohany ka antony iray karatra VIPP iray.
- Mampametaka ireo antony eo amin'ny fakan'ny hazo.
- Mampaneho ireo anton'ny olana izay hitany ny vondrona mpianatra.
- Manentana ny mpianatra rehetra handravona miaraka ireo anton'ny olana ka hamoaka anton'ny olana iraisana.
- Mampamintina ny asa vita hahafahana manohy amin'ny asa fitadiavana ny voka-dratsy.

***Fitadiavana ny voka-dratsy aterak'izany***

- Mampametaka ireo anton'ny olana iraisana eo amin'ny fakan'ny hazo.
- Mizara karatra VIPP loko hafa fa mitovy loko maromaro, amin'ny vondrona tsirairay
- Mampanoratra voka-dratsy maromaro izay hita amin'ny sary voalohany ka voka-dratsy iray karatra VIPP iray.
- Mampametaka ireo voka-dratsy eo amin'ny rantsan'ny hazo.

1. Mampaneho ny VOKA-DRATSY tsirairay izay hitany ny vondrona mpianatra.
2. Manentana ny mpianatra hamoaka IREO VOKA-DRATSY amin'ny alalan'ny fandravonana ireo VOKA-DRATSY hitan'ny vondrona.
3. Mampanoratra ilay VOKA-DRATSY amin'ny karatra VIPP ary mampametaka izany eo amin'ny ratsan-kazo.
4. Mampaneho ny asam-bondrona

***Tetika amam-paika***

Asa an-tarika

***Fitaovana***

- ▶ Takela-tsary « tontolo anaty ranomasina »
- ▶ Kraft misy sarina hazo misy fakany, vatany ary rantsany
- ▶ Karatra VIPP miloko 3 karazana ahafahana mametaka ireto : olana, antony, voka-dratsy

## VALINY ANDRASANA

Apetaka amin'ny « hazon'olana » ireto

1. OLANA: Potika ny tontolo iainana anaty ranomasina
2. ANTON'NY OLANA: Fahalotoan'ny ranomasina ataon'ny olombelona : fanariana fako isan-karazany (tavoahangy plastika, ny fakon'ny indostria (rano, … ), solika very avy amin'ny sambo)

   Fitrandrahana tsy am-piheverana ireo zava-mananaina : fampiasana masona harato madinika, manarato amin'ny fotoana fanatodizan'ny trondro.
3. VOKA-DRATSY: Maty ireo zavamanan'aina ao anaty ranomasina.

   Lany tamingana ireo zava-manan' aina ao anaty ranomasina.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Sahanasa 1-2-3***

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mamoaka :
  - Ny tanjona iray iraisana ialana amin'io olana io mikasika ny « tontolo anaty ranomasina ».
  - Ireo asa atao hanatratrarana io tanjona io.
  - Ireo vokatra andrasana.
- ▶ Mameno ny hazon'olana.

**Andraikitry ny mpampianatra**

**Fanomanana**

Manao sary hazo misy fakany, vatany ary rantsany amin'ny taratasy lehibe miisa 4 (arakaraka ny isan'ny iray lakilasy ny vondrona mpianatra atao).

**Mandritra ny sahanasa**

- ▶ **Tsiahy mahakasika ny hazon'olana natao teo aloha**
  - Mampamerina manontany ilay olana hita teo aloha.
  - Manontany ny mpianatra avy eo hoe : "Raha io ary ny olana dia inona ary no tanjona tiantsika ho tratrarina mba ialana amin'io olana io ?
  - Mampisafidy tanjona iraisana amin'ireo safidy 3 samihafa.
- ▶ **Fanaovana sary hazo sy fametahana ilay tanjona**

Mizara ny mpandray anjara ho vondrona 4.

- Manome taratasy lehibe iray isaky ny vondrona.
- Mampiseho ilay sary hazo nomanina teo aloha.
- Mampanao sary hazo amin'ilay taratasy lehibe araka ny modely.
- Mampanoratra ilay TANJONA efa hita sy nifanarahana teo aloha amin'ny karatra VIPP iray miloko ka apetaka eo afovoan'ilay vatan-kazo.

- ▶ **Fitadiavana ny asa atao**
  - Mizara karatra VIPP mitovy miloko maromaro amin'ny isam-bondrona.
  - Mampanoratra ireo karazana asa atao ahafahana manatratra ilay tanjona ny vondrona isanisany.
  - Maniraka ny vondrona mba samy hametraka izay asa atao hitany eo amin'ny fakan'ny hazo.
  - Maniraka ny mpianatra handamina araka ny laharam-pahamehana ireo asa atao ka izay voalohany azo tanterahina no manakaiky ny vatan-kazo.
  - Mampaneho ireo asa atao izay hitany ny vondrona tsirairay.
  - Mampametaka ireo asa atao araka ny laharam-pahamehana eo amin'ny fakan-kazo.
- ▶ **Fitadiavana ny vokatra andrasana**
  - Mizara karatra VIPP mitovy loko maromaro amin'ny isam-bondrona (vondrona 3).
  - Mampanoratra ireo vokatra andrasana isaky ny asa atao.
  - Maniraka ny mpianatra mba samy hametraka izay vokatra hitany eo amin'ny rantsan'ny hazo sy ny asa atao mifanaraka amin'ireo.
- ▶ **Fanehoana ny vokatry ny asam-bondrona.**
  - Mampaneho ny **asam-bondrona.**
  - Mamintina ny asa vita.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Ampahibemaso
- ▶ Asan-tarika

***Fitaovana***

- ▶ Takela-tsary « tontolo anaty ranomasina »
- ▶ Hazom-bahaolana
- ▶ Kraft misy sarina hazo misy fakany, vatany ary rantsany
- ▶ Karatra VIPP miloko 3 karazany ahafahana mametaka ireto : tanjona, asa atao, vokatra andrasana.

## VALINY ANDRASANA

Apetaka amin'ny « hazo vahaolana » ireto :

- ▶ Tanjona : Miaro ny tontolo iainana anaty ranomasina
- ▶ Alahatry ny mpianatra arakaraka izay tiany ho laharam-pahamehana ka ho tanterahana miaraka ny asa atao :

  Ohatra

  - Manentana ny namana amin'ny hiarovana ny tontolo an-dranomasina (tsy handoto fa hanadio, tsy hanjono amin'ny fotoana fikatonan'ny rano).
  - Manentana ny fianakaviana, ny fiarahamonina amin'ny fiarovana ny tontolo an-dranomasina (tsy handoto fa hanadio, tsy hanjono amin'ny fotoana fikatonan'ny rano).
  - Mamorona tetikasa madinika hanatsarany ny tontolo anaty ranomasina izay maloto.
  - Mamorona tetikasa madinika hiarovana ny tontolo anaty ranomasina
- ▶ VOKATRA ANDRASANA
  - Tontolo an-dranomasina voaaro : amin'ny loto, amin'ny fihazàna hazan-dranomasina manaja ny lalàna
  - Tontolo an-dranomasina voadio.
- ▶ Sokajin'olona voaentana ary ny hafatra ampitaina dia mifanaraka amin'ireo tokony hatao.

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mamintina :

- ny olana sedrain'ny tontolo anaty ranomasina ;
- ireo voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo anaty ranomasina ;
- ireo asa atao enti-manatsara ny tontolo anaty ranomasina.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mampamoaka ny mpianatra ireo teboka telo natao tao amin'ny sahanasa ka zaraina vondrona 3 samihafa indray ny mpianatra.

- Vondrona voalohany : ny olana sedrain'ny tontolo anaty ranomasina.
- Vondrona faharoa : ireo voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo anaty ranomasina.
- Vondrona fahatelo : ireo asa atao enti-manatsara ny tontolo anaty ranomasina.

***Tetika amam-paika***

- Asam-bondrona
- Ampahibemaso

## VALINY ANDRASANA

- Ny olana sedrain'ny tontolo anaty ranomasina : potika ny tontolo iainana anaty ranomasina
- Ireo voka-dratsy ateraky ny fahasimban'ny tontolo anaty ranomasina : maty ireo zava-mananaina ao anaty ranomasina, lany tamingana ireo zava-mananaina ao anaty ranomasina.
- Ireo asa atao enti-manatsara ny tontolo anaty ranomasina :
  - Manentana ny namana, ny fianakaviana, ny fiarahamonina amin'ny hiarovana ny tontolo andranomasina (tsy handoto fa hanadio, tsy hanjono amin'ny fotoana fikatonan'ny rano).
  - Mamorona tetikasa madinika hanatsara ny tontolo anaty ranomasina izay maloto.
  - Mamorona tetikasa madinika hiarovana ny tontolo anaty ranomasina.

## HAIKO

***Sahanasa 1***

***Andraikitry ny mpianatra***

Mamaly ny fanontaniana MANAIKY sa tsy MANAIKY.

- Milahatra manoloana ireo kiefitra.
- Mamonjy ny kiefitra misy ny soratra « MANAIKY » na « TSY MANAIKY ».
- Mifanakalo hevitra mahakasika ny safidiny.
- Maneho ny heviny sy mandresy lahatra.
- Mifindra kiefitra izay miova hevitra.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Manoritra kiefitra misy ny soratra « MANAIKY » na « TSY MANAIKY ».
- Manoritra tsipika mahitsy eo afovoany ilaharan'ny mpianatra rehetra sy iray vondrona.
- Manazava ny lalao « MANAIKY/TSY MANAIKY ».
- Mamaky ny hevitra tsirairay.
- Manome toromarika ny mpianatra isam-bondrona hiady hevitra ka hamonjy ny kiefitra araka ny safidiny avy eo.
- Manontany ny vondrona tsirairay ny anton'ny safidiny.
- Mandravona amin'ny farany.

***Tetika amam-paika***

- Lalao « manaiky/Tsy manaiky
- Lalao eny ivelan'ny lakilasy

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

- TSY MANAIKY. Sakafo madio no tokony ho sakafon'ny trondro.
- TSY MANAIKY. Amin'ny fikatonan' ny rano no fotoana fanatodizan'ny trondro ka tokony hihaza trondro
- MANAIKY
- TSY MANAIKY. Ariana anaty fitoeram-pako voatokana ny fako
- MANAIKY
- Anjara andraikitry ny sokajin'olona rehetra ny fiarovana ny tontolo iainana ao anaty ranomasina

**Sahanasa 2**

| | | |
|---|---|---|
| 1-->e | 3-->d | 5-->b |
| 2-->g | 4-->f | 6-->a |

## IAINAKO

***Sahanasa 1***

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mamorona « lahateny » na « teny filamatra » na « seho sehatra ».
- Mamome soson-kevitra tetikasa hotanterahina.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mizara ny mpianatra ho tarika.
- Mitarika ny mpianatra hamokatra karazana hafatra fanentanana sy drafitra tetikasa.
- Manome soson-kevitra tetikasa hotanterahina

***Tetika amam-paika***

Asan-tarika

## VALINY ANDRASANA

1. « Fadio ny manary fako anaty rano indrindra ny fitaovana plastika », « Andeha isika hanadio ny faritra manamorona ny rano », « Ry mpanarato namana, andeha hampiasa harato manara-dalàna » « Fadio re ny manarato amin'ny fotoana fanatodizan'ny trondro ».
2. TETIKASA MADINIKA
Hanamboatra daba-pako manamorona ny rano.
Hampianatra ny olona hanodina ny fitaovana plastika ho fitaovana hafa azo ampiasaina.

## NY FISOROHANA NY LOZA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fitsinjovana hoavy, fanajana ny hasin'ny aina |
| **Voka-pianarana manokana** | Manaja ireo fepetra takina mba ho fiomanana amin'ny fiavian'ny loza mpiseho eo amin'ny fiainana andavanandro. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo vokatry ny loza mateti-piseho eo amin'ny fiainana andavanandro.<br>▶ Ireo fepetra takina mba hisorohana ny loza mpiseho matetika eo amin'ny fiainana andavanandro.<br>▶ Fanentanana ny hafa hiomana amin'ny fiavian'ny loza. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo fomba fisorohana sy fiomanana amin'ny fiavian'ny loza voajanahary sy eo amin'ny fiainana andavanandro. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | Izay tsara fiomanana tsy ho tampohin'ny loza , aleo misoroka toy izay mitsabo . |

## Fahaiza-manao enti-miaina

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

- Mahay mandrindra ny rarin-tsaina.
- Manana fomba fijery miabo.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy ny fiaraha-monina amin'ny hafa**

- Mandrindra fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- Mahay mifampiraharaha.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra ho amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**

- Mahay mandray fanapahan-kevitra rehefa nahazo ny fahalalana sy antontam-baovao ilaina amin'izany.
- Afaka mamaha olana.
- Mihetsika mba hanatratrarana ny tanjona.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

- Mahay mandray fanapahan-kevitra.
- Mandala soatoavina.
- Mandray andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana**

- Mailo manoloana ny tranga iray.
- Mandray andraikitra.
- Mifehy ny fihetseham-po.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mijery sy mandinika ny sary.
- Milaza izay hitany eo amin'ny sary.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mampandinika ny sary mandritra ny fotoana voafetra.
- Mitarika ny mpianatra hilaza izay hitany.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery na tosa-kevitra

***Fitaovana***

Sary olona manapaka hazo eo akaikin'ny trano, olona mametratra gony feno fasika eo ambony tafo .

## VALINY ANDRASANA

Ireto avy ny zavatra hitako eo amin'ny sary :

- olona manapaka hazo eo akaikin'ny trano ;
- olona mametraka gony feno fasika eo ambony tafon-trano ;
- olona manadio tokontany.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Milaza ireo asa ataon'ny olona hita eo amin'ny sary.
- Mamaly marina (M) na diso (D) ireo karazana fitaovana nampiasaina teo am-panatanterahana ireo asa ireo.
- Manazava izay antony mahatonga ireo olona nanao ireo asa ireo.
- Mitanisa ireo voka-tsoa azo avy amin'ny fikarakarana mialoha ny trano fonenana sy ny manodidina.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mampamakafaka ny sary

- Inona avy ireo asa ataon'olona hita eo amin'ny sary ?
- Inona avy ireo fitaovana nampiasaina teo am-panatanterahana ireo asa ireo ?
- Inona no mahatonga ireo olona ireo nanao ireo asa ireo ?
- Tanisao ireo voka-tsoa azo avy amin'ny fikarakarana mialoha ny trano fonenana sy ny manodidina.

***Tetika amam-paika***

Asan-tarika

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Asa ataon'ireo olona ireo :
  - Manapaka hazo atahorana hiteraka loza.
  - Manadio tanàna.
  - Manamafy ny trano fonenana , manisy gony misy fasika eo ambony tafon-trano.
- ▶ Ireo karazana fitaovana nampiasaina :
  - Famaky **MARINA**
  - Tsofabe **DISO**
  - KIfafa **MARINA**
  - Gony **MARINA**
  - Borety **DISO**
  - Fasika **MARINA**

- ▶ Ho fiomanana mialoha ny fahatongavan'ny loza no nahatonga azy ireo nanao ireo asa ireo.

- ▶ Maro ny voka-tsoa azo amin'izany fiomanana mialoha izany :
  - milamin-tsaina eo am-piatrehana ny loza
  - mihena ny mety ho fahasimbana na fahapotehan'ny trano sy ny fananana
  - azo antoka fa tsy hisy aretina na valan'aretina hiseho rehefa madio ny manodidina ny tanàna
  - voaaro ny ain'ny olombelona

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Manisy marika X eo amin'izay voka-dratsy ateraky ny loza mpiseho eo amin'ny fiainana.
- ▶ Mampifandray amin'ny alalan'ny tsilo ny asa sy ny fotoana hanaovana asa.
- ▶ Milaza ny voka-dratsin'ny tsy fisian'ny fiomanana ratsy fahafantarana ny tokony hatao manoloana ny loza

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mitarika ny mpianatra hanisy marika X eo amin'izay voka-dratsy ateraky ny loza mpiseho eo amin'ny fiainana.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hampifandray amin'ny alalan'ny tsilo ny asa sy ny fotoana hanaovana azy
- ▶ Manontany ny voka-dratsin'ny tsy fisian'ny fiomanana na tsy fahafantarana ny tokony hatao manoloana ny loza.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Ady hevitra
- ▶ Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Ny voka-dratsy ateraky ny loza
  - Rava ny trano. X
  - Dibo-drano ny tanana. X
  - Manara-baovao isan'andro.
  - Tonga ny aretina maro samihafa. X
  - Milamina ny fiainan'ny fiarahamonina.
  - Very na simba ny fananana. X
  - Maratra na mety hisy aina hafoy. X

Ampifandraiso amin'ny alalan'ny tsilo ireto :

- ▶ Ny fepetra raisina, mialoha, mandritra, ary aorian'ny loza voahajanahary
  - 1.D
  - 2.A
  - 3.B

- ▶ Manome ny voka-dratsin'ny tsy fisian'ny fiomanana na ny tsy fahafantarana ny tokony hatao manoloana ny loza iray mety hiseho eo amin'ny fiarahamonina.
  - Tara eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ka mety ho betsaka ny fahapotehana sy fahasimbana zavatra sy ny fananana, na mety hisy aina hafoy mihitsy aza.
  - Simba ny fananana.
  - Mianjera ny trano na ny fefy.
  - Dibo-drano ny fambolena.
  - Taitra tampoka ka tratran'ny fahatapahana lalan-drà.
  - Maratra.
  - Mitebiteby mandritra ny loza.
  - …

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

1. Manambara sy milaza ireo tadidy mikasika ny fiomanana amin'ny loza sy ny voka-dratsin'ny loza mpiseho.
2. Mandray an-tsoratra ny zavatra efa voamarin'ny mpampianatra

***Andraikitry ny mpampianatra***

1. Mampamoaka ny mpianatra izay tadidiny momba ny fiomanana amin'ny loza sy ny voka-dratsin'ny loza mpiseho :
   - ireo asa atao mialoha ny fiavian'ny loza ;
   - ireo vokatry ny loza mateti-piseho eo amin'ny fiainana ;
   - ireo fepetra takina mba hisorohana ny loza mpiseho.
2. Mandika izany eny amin'ny solaitrabe, manara-maso ny mpianatra

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

1. Ireo fiomanana amin'ny fisorohana ny loza voajanahary

Mila miomana amin'ny lafiny :

- ▶ fitaovana ilaina mandritra ny fandalovan'ny loza ( labozia, pila, selofanina, … ) ;
- ▶ fanangonana sakafo ampy mandritra ny fandalovan'ny loza ;
- ▶ fipetrahana amin'ny trano fonenana azo antoka tsy hianjera ;
- ▶ fihainoana ny toromarika omen'ny tompon'andraikitra eny ifotony ;
- ▶ fihainoana radio araka izay azo atao mba hanarahana ny vaovao sy ny toromarika mikasika ny fepetra horaisina ;
- ▶ Mandamina ny kahie sy ny fitaovam-pianarana amin'ny toerana voaaro.

2. Ny voka-dratsy ateraky ny loza mateti-piseho :
- ▶ Rava ny trano.
- ▶ Dibo-drano ny tanàna.
- ▶ Tonga ny aretina maro samihafa.
- ▶ Ratra sy ny fahafatesana.
- ▶ Manarina fotodrafitrasa simba.
- ▶ Manadio ny faritry ny tanana.
- ▶ Misikotra ny lakan-drano .

3. Fepetra ilaina mba hisorohana ny loza mpiseho eo amin'ny fiainana andavanandro :
- ▶ Mila tony tsara manoloana ny loza ary mandray andraikitra izay tandrify.
- ▶ Manaraka ny toromarika am-pitoniana.
- ▶ Manaraka ny fandaminana ataon'ny manam-pahefana eto an-toerana.

## HAIKO

### *Andraikitry ny mpianatra*
- ▶ Manisy marina (M) na diso (D) eo ankilan'ny fehezanteny.
- ▶ Mameno ny fafana ireo toetra amam-pihetsika mendrika hatao mialoha, madritra ary aorin'ny fandalovan'ny rivodoza.
- ▶ Mitanisa ireo fepetra ilaina mba hisorohana ny loza mateti-pitranga eo amin'ny fiainana.

### *Andraikitry ny mpampianatra*
Manombana ny zavatra hain'ny mpianatra ka :
- ▶ milaza aminy hanisy marina (M) na diso (D) eo ankilan'ny fehezanteny,
- ▶ miteny aminy hametraka ao anaty fafana ireo toetra amam-pihetsika mendrika atao mialoha, mandritra ary aorian'ny fandalovan'ny rivodoza,
- ▶ manontany azy ireo hitanisa ny fepetra ilaina mba hisorohana ny loza matetika mitranga eo amin'ny fiainana.

### *Tetika amam-paika*
Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**
- ▶ Asiako « marina (M) » na « diso (D) » eo ankilan'ny fehezanteny :

Ny fiomanana ataoko mialoha ny fahatongavan'ny rivodoza dia :
- Manamafy ny trano fonenana : asiako gony misy fasika ny tafo fanitso. **M**
- Manao tatitra any amin'ny manampahefana. **M**
- Tapahiko ny rantsan-kazo izay ahiana hianjera mandritra ny fandalovan'ny rivodoza. **M**
- Alamiko sy areniko ny simba miaraka amin'ny mpiara-monina. **D**
- Dioviko ny tatatra mba hikoriana tsara ny rano. **M**
- Misitrika ao ambany latabatra aho. **D**
- Arahiko tsy tapaka ny haino aman-jery. **M**
- Manangona rano fisotro madio sy sakafo. **M**

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 2**

Averiko soratana ireo toetra amam-pihetsika mendrika atao mialoha, mandritra, ary aorian' ny fandalovan'ny rivo-doza :

- Omaniko tsara ny entan-kely , sakafo, rano fisotro madio , vatoaratra, radio kely, afokasoka, lamba, kopia,
- Avelako hanao ny asany malalaka ny mpamonjy aina.
- Hidiako tsara ny varavarana ary tsy mivoaka ny trano aho.
- Miomana aho sy ny fianakaviako handeha ho amin'ny toerana azo antoka fialofan'ny traboina.
- Tsy mivoaka ny trano aho raha tsy voalaza fa foana avokoa ny filazana loza.
- Tandroviko ny fahadiovan'ny manodidina ary tsy manao maloto eny rehetra eny aho.

| Mialoha ny fahatongavan'ny rivodoza | Mandritra ny fandalovan'ny rivodoza | Aoriana fandalovan'ny rivo-doza |
|---|---|---|
| - Omaniko tsara ny entan-kely , sakafo, rano fisotro madio , vatoaratra, radio , afokasoka, lamba, kopia,<br>- Miomana aho sy ny fianakaviako handeha ho any amin'ny toerana azo antoka | - Hidiako tsara ny varavarana ary tsy mivoaka ny trano aho<br>- Tsy mivoaka ny trano aho raha tsy voalaza fa foana avokoa ny filazana loza<br>- ……….……………….. | - Avelako hanao ny asany malalaka ny mpamonjy aina<br>- Tandroviko ny fahadiovan'ny manodidina ary tsy manao maloto eny rehetra eny<br>- ........................................<br>- ........................................ |

**Sahanasa 3**

Avoitrako ireo fepetra fantatro mba hisorohana ny loza mety hitranga eo amin'ny fiainana :

- Mila malina tsara rehefa eny an-dalambe.
- Manaraka ny vaovao malaza eo an-tanana.
- Atao lavitry ny ankizy ny afokasoka sy ny zava-maranitra.
- Vonoina na lemana ny afo rehefa avy nampiasaina.
- Manadio ary manara-maso ny trano fonenana sy ny manodidina .

## IAINAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Manazava ireo toetra amam-pihetsika mendrika tokony hananang amin'ny fiomanana sy fiatrehana izany.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra hanazava ireo toetra amam-pihetsika mendrika tokony hananana amin'ny fiomanana sy fihatrehana izany, raha maheno vaovao izy fa hisy rivodoza handalo eo an-tanana

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- Miomana.
- Mandray andraikitra .
- Mifehy ny fihetseham-po.
- Miara-miasa amin'ny olona.
- Manara-baovao.
- …

## NY ZON'OLOMBELONA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fitsinjovana ny hoavy, fanajana ny hasin'ny aina |
| **Voka-pianarana manokana** | Manoro ny mpiara-belona mahakasika ny rafitra na sampan-draharaha misy eto Madagasikara miaro ny zon'olombelona sy ny fomba fiasany. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ny toetoetra mamaritra ny zon'olombelona<br>▶ Ny andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona<br>▶ Ireo rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena<br>Fomba fiasan'ireo sampan-draharaha samihafa miaro ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny<br>▶ Ireo toetra amam-pihetsika aseho raha mahita trangana fanitsakitsahana ny zon'olombelona |
| **Fahalalana** | ▶ Mahafantatra ny rafitra na sampan-draharaha misy eto Madagasikara miaro ny zon'olombelona sy ny fomba fiasany.<br>▶ Mahalala ireo toetra amam-pietsika aseho manoloana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | Resy lahatra aho fa mandray andraikitra mba hiarovana ny zon'ny daholobe. |

### Fahaiza-manao enti-miaina

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**
- ▶ Mahay mandrindra ny fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- ▶ Manana fomba fijery miabo.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**
- ▶ Mahay mifandray : Tanora/Tanora – Tanora/olon-dehibe – Tanora/olon-tiana.
- ▶ Afaka mipetraka amin'ny toerana iray.
- ▶ Afaka mipetraka amin'ny toeran'ny hafa.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**
- ▶ Toe- tsaina tia mamorona
- ▶ Afaka mipetraka amin'ny toerana iray.
- ▶ Afaka mipetraka amin'ny toeran'ny hafa.
- ▶ Afaka mamaha olana.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**
- ▶ Fahaizana maka ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mitsikera.
- ▶ Fandraisana andraikitra.

### Fitondran-tena andrasana

- ▶ Mandray andraikitra raha mahita tranga fanitsakitsahana ny zon'olombelona.
- ▶ Manoro ireo sampan-draharaha sy ny fomba fiasany raha tojo tranga fanitsakitsahana ny zon'olombelona.

## DINIHIKO

### *Andraikitry ny mpianatra*

- ▶ Mamaky mangina ny lahatsoratra.
- ▶ Milaza izay hevitra fonosin'ny lahatsoratra.
- ▶ Mitanisa ireo mpandray anjara.

### *Andraikitry ny mpampianatra*

- ▶ Mampamaky ny lahatsoratra.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hahazo ny lahatsoratra ka mampitanisa ireo mpandray anjara.

### *Tetika amam-paika*

Asa samirery

### *Fitaovana*

Trangam-piainana : Iaban'i Boto

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Miresaka mahakasika ny fanohintohinana ny zon'olombelona ny lahatsoratra.
- ▶ Mpandray anjara : Iaban'i boto, Sinoa, ny manam-pahefana, ny Komitim-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona.

## FAKAFAKAIKO

### *Andraikitry ny mpianatra*

- ▶ Mitanisa ny tsy fanajana ny zon'olombelona teo amin'ny trangam-piainan' Iaban'i Boto.
- ▶ Milaza ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

### *Andraikitry ny mpampianatra*

- ▶ Mitarika ny mpianatra hitanisa ny tsy fanajana ny zon'olombelona eo amin'ilay tranga.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hilaza ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

### *Tetika amam-paika*

Asa samirery

### *Fitaovana*

Trangam-piainana : Iaban'i Boto

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Ny tsy fanajana ny zon'olombelona teo amin'ny trangam-piainan' Iaban'i Boto.

- Tsy azon'ny mponina idirana sy anorenam-ponena intsony eo amin'ny faritra nitrandrahana volamena nefa tsy naseho azy ireo ny fahazaon-dalana hitrandraka.
- Nosamborina sy nampidirina am-ponja Iaban'i Boto na tsy nisy antony mazava aza.
- Tsy fanehoan'ny manam-pahefanatamin'ny fokonolona ny fahazoan-dalan'ireo sinoa hitrandraka teo amin'ilay faritra.

**Sahanasa 2**

Ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

- Mandray ny fitarainan'ny olona na fiaraha-monina.
- Manao fanadihadiana ny  tena zava-misy eny ifotony.
- Mamakafaka ny tena zava-misy marina.
- Manatona ireo tompon'andraikitra mahefa (fitsarana).

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Manisy X izay toetoetra 8 mamaritra  ny zon'olombelona.
- ▶ Manisy tsipika izay andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona amin'ireo voalaza.
- ▶ Mampiditra ao anaty ny fafana araka ny tokony hisy azy avy ireo rafitra na sampan-draharaha miaro ny zon'olombelona eo anivon'ny firenena.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra

- ▶ Hilaza ny mpianatra ny famaritana ny zon'olombelona.
- ▶ Hikaroka ny toetoetra mamaritra  ny zon'olombelona.
- ▶ Hampahafantatra ny andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona.
- ▶ Hampahalala ireo rafitra na sampan-draharaha miaro ny zon'olombelona eo anivon'ny firenena.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Ireo toetoetra valo mamaritra ny zon'olombelona.

| | |
|---|---|
| ▶ Zo raiki-tampisaka ho an'ny olombelona rehetra. | X |
| ▶ Ananana sy mihatra amin'ny olombelona rehetra tsy ankanavaka maneran-tany. | X |
| ▶ Tsy azo zaraina na saratsarahina fa mifandray sy mifampiankina. | X |
| ▶ Fantatrao ve ireo zon'olombelona ? | |
| ▶ Tsy azo esorina amin'ny olombelona. | X |
| ▶ Voaaron'ny lalàna sy voaantoka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. | X |
| ▶ Mifantoka amin'ny hasina maha-olona. | X |
| ▶ Maro ireo fikambanana miaro ny zon'olombelona. | |
| ▶ Miaro ny olona sy ny vondron'olona. | X |
| ▶ Miteraka andraikitra ho an'ny fanjakana. | X |

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 2**

Ny andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona :

- ▶ Miaro ny zon'ny olona rehetra.
- ▶ Tsy mamela ny olompirenena tsirairay hilatsaka hofidiana amin'ny fifidianana rehetra.
- ▶ Mampisitraka ny zon'olona tsiraray eo amin'ny tany sy ny firenena.
- ▶ Manakana ny olona hivezivezy sy hanorim-ponenana an-kahalalahana eo amin'ny firenena.
- ▶ Mampihatra ny lalàna velona mikasika ny zon'olombelona.

**Sahanasa 3**

Ireo rafitra miaro ny zon'olombelona eo anivon'ny firenena :

- ▶ Mpanelanelana amin'ny Repoblika - «Bureau Indépendant Anti-Corruption» (BIANCO) - Parlemanta ;
- ▶ Ivon-toerana fihainoana sy fanomezana toro hevitra momba ny lalàna «Centre d'Ecoute et de Conseil Juridique» (CECJ) ;
- ▶ Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona «Comission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme» (CNIDH) ;
- ▶ Fokontany - Ministeran'ny fitsarana - Trano aro zo ;
- ▶ Fitsarana - Filankevitra Ambony Misahana ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana tan-dalàna «Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'Etat de Droit» (HCDDED) ;
- ▶ Minisiteran'ny fitsarana.

| Rafitra miaro ny vahoaka eo anivon'ny fanjakana | Rafitra mahaleo tena miaro ny vahoaka | Rafitra tsy miankina |
|---|---|---|
| • Fokontany<br>• Ministeran'ny fitsarana<br>• Parlemanta<br>• Fitsarana | • Mpanelanelana amin'ny Repoblika<br>• Filankevitra ambony misahana ny fiarovana ny demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna (HCDDED)<br>• Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona (CNIDH)<br>• Birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly (BIANCO) | • Trano aro zo<br>• Ivon-toerana fihainoana sy fanomezana toro hevitra momba ny lalàna (Centre d'Ecoute et de Conseil Juridique : CECJ) |

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidiny mahakasika :

- ▶ ny famaritana ny zon'olombelona ;
- ▶ ireo toetra mamaritra ny zon'olombelona rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena ;
- ▶ ireo andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona ;
- ▶ ireo rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena ;
- ▶ ny fomba fiasan'ireo sampan-draharaha samihafa miaro ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

***Andraikitry ny mpampianatra***
Mampitanisa ny mpianatra izay tadidiny mikasika :
- ny famaritana ny zon'olombelona ;
- ireo toetra mamaritra ny zon'olombelona rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena ;
- ireo andraikitry ny fanjakana manoloana ny zon'olombelona ;
- ireo rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena ;
- ny fomba fiasan'ireo sampan-draharaha samihafa miaro ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

***Tetika amam-paika***
Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

Mitanisa izay tadidy mahakasika :

1. Ny atao hoe zon'olombelona dia ireo zo fototra mba hiarovana ny olona rehetra tsy ankanavaka, na avy aiza, na inona volon-kodiny, na inona fivavahany, ny fiteny sns

2. Ireo toetra mamaritra ny zon'olombelona, rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena :
   - Zo raiki-tampisaka ho an'ny olombelona rehetra
   - Ananana sy mihatra amin'ny olombelona rehetra tsy akanavaka maneran-tany
   - Tsy azo zaraina na saratsarahina fa mifandray sy mifampiankina
   - Tsy azo esorina amin'ny olombelona
   - Voaaron'ny lalàna sy voaantoka eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena
   - Mifantoka amin'ny hasina maha-olona
   - Miaro ny olona sy ny vondron'olona
   - Miteraka andraikitra hoan'ny fanjakana
   - Ireo andraikitry ny Fanjakana manoloana ny zon'olombelona
   - Ireo rafitra fiarovana eo anivon'ny firenena

3. Ireo andraikitry ny Fanjakana manoloana ny zon'olombelona :
   - Miaro ny zon'ny olona rehetra
   - Mampisitraka ny zon'olona tsirairay eo amin'ny tany sy ny firenena
   - Mampihatra ny lalàna velona mikasika ny zon'olombelona

4. Rafitra miaro ny zon'olombelona eo anivon'ny firenena :

| Rafitra miaro ny vahoaka eo anivon'ny fanjakana | Rafitra mahaleo tena miaro ny vahoaka | Rafitra tsy miankina |
|---|---|---|
| - Fokontany<br>- Ministeran'ny fitsarana<br>- Parlemanta<br>- Fitsarana | - Mpanelanelana amin'ny Repoblika<br>- Filankevitra ambony misahana ny fiarovana ny demokrasia sy ny fanjakana tan-dalàna (HCDDED)<br>- Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona (CNIDH)<br>- Birao mahaleotena miady amin'ny kolikoly (BIANCO) | - Trano Aro Zo (TAZ)<br>- Ivon-toerana fihainoana sy fanomezana toro hevitra momba ny lalàna (Centre d'Ecoute et de Conseil Juridique : CECJ) |

## VALINY ANDRASANA

5. Ny fomba fiasan'ireo sampan-draharaha samihafa miaro ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny :
   - Mandray ny fitarainan'ny olona na fiaraha-monina.
   - Manao fanadihadiana ny tena zava-misy eny ifotony.
   - Mamakafaka ny tena zava-misy marina.
   - Manatona ireo tompon'andraikitra mahefa (fitsarana).

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Manambara raha marina (M) na diso (D) ireo fehezanteny.
- ▶ Mampifandray amin'ny alalan'ny tsilo izay valiny marina mifanandrify amin'ireo rafitra fiarovana.
- ▶ Mandahatra araka ny tokony ho izy ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra :

- ▶ Hanambara raha marina (M) na diso (D) ireo fehezanteny.
- ▶ Hampifandray amin'ny alalan'ny tsilo izay valiny marina mifanandrify amin'ireo rafitra fiarovana.
- ▶ Handahatra araka ny tokony ho izy ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**


Marina (M) na diso (D) ireto fehezanteny manaraka ireto.

- ▶ Raha hanohy fianarana any ivelany aho ao aorina ao dia manana zo handao sy hiverina eto an-tanindrazana araka ny fepetra voatondron'ny lalàna.(M)
- ▶ Tsy azo zaraina na saratsarahina fa mifandray sy mifampiankina daholo ireo zon'olombelona.(M)
- ▶ Ny rafitra na sampan-draharaha miaro ny zon'olombelona dia tsy mitondra ny olana na fitarainana eny amin'ny fitsarana fa mihaino fotsiny ihany dia manoro hevitra. (D)

## Sahanasa 2

Ampifandraisiko amin'ny alalan'ny tsilo izay valiny marina mifanandrify amin'ireo rafitra fiarovana.

1. Rafitra mahaleo tena miaro ny vahoaka
2. Rafitra miaro ny vahoaka eo anivon'ny fanjakana
3. Rafitra tsy miankina



a. Trano aro zo

b. BIANCO

d. Fokontany

e. Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona (CNIDH)

f. Ministeran'ny fitsarana

## Sahanasa 3

Ny fomba fiasan'ny komitim-pirenena misahana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny :

- ▶ Mandray ny fitarainan'ny olona na fiarahamonina.
- ▶ Manao fanadihadiana ny  tena zava-misy eny ifotony.
- ▶ Mamakafaka ny tena zava-misy marina.
- ▶ Manatona ireo tompon'andraikitra mahefa (fitsarana).

***Andraikitry ny mpianatra***

1. Manao ny seho sehatra.
2. Maneho amin'ny fanaovana seho sehatra amin'ny alalan'ity tranga eto ambany ity ny toetra amam-pihetsika naseho manoloana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona.
3. Mihaino sy mamerina ny fandravonana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

1. Mizara ho tarika ny mpianatra.
2. Mitarika ny mpianatra hanao seho sehatra ireo toetra amam-pihetsika tokony hatao manoloana tranga fanitsakitsahana ny zon'olombelona.
3. Mandravona ireo toetra amam-pihetsika tokony hatao manoloana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona.

***Tetika amam-paika***

Asa an-tarika

**VALINY ANDRASANA**

- ▶ Nanapa-kevitra hanangana fikambanana iray ny zatovo sy ny tanora tao an-tanàna. Rehefa natao ireo taratasy rehetra hijoroan'ny fikambanana ara-dalàna dia nolavina izany satria nisy nanakana ny fananganana io fikambanana io. Re tato aoriana kely fa fikambanana hafa izay miasa ao an-tanàna ihany no nanakana izany.
- ▶ Ny toetra amam-pihetsika nasehoko tamin'izany tranga fanitsakitsahana ny zon'olombelona izany dia :
  - Nampivory ireo zatovo sy tanora saika hanangana ilay fikambanana.
  - Nanazava fa fanitsakitsahana ny zon'olombelona ny tsy nanekena ilay fijoroan'ny fikambanana.
  - Nampahafantatra azy ireo fa manan-jo malalaka hiditra amin'ny fikambanana na hanorina fikambanana ary afaka mivory malalaka ny olona.
  - Nilaza ihany koa fa andraikitra ny fanjakana ny miaro ny zon'ny olona.
  - Nanoro ireo sampan-draharaha tokony hatonina sy ny fiasany : fokontany, ny trano aro zo, ny CNIDH, ...

# NY FANDRIAMPAHALEMANA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fandraisana andraikitra, fahamarinana |
| **Voka-pianarana manokana** | Mampahafantatra ny mahakasika ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana.<br>▶ Ireo rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara sy ny andraikitra raisiny amin'ny ankapobeny.<br>▶ Ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo rafitra iraisam-pirenena sy ireo adidy ary andrikitry ny olompirenena manoloana izany. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | Liana amin'ireo karazana sampan-draharaha iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana. Mandalina ny andraikitry ny sampan-draharaha iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana. |

## Fahaiza-manao enti-miaina

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**
- ▶ Mahafantatra soatoavina
- ▶ Mahay mandrindra fihetseham-po
- ▶ Afaka mamaritra tanjona sy mandrafitrta fomba hanatrarana izany
- ▶ Manana fahatokisan-tena, manana fijery miabo.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**
- ▶ Mahay mifandray tanora/tanora, tanora/olon-dehibe
- ▶ Mahay mifampiraharaha
- ▶ Afaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**
- ▶ Manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy sy trangam-piainana.
- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra rehefa nahazo fahalalana sy antotam-baovao ialina amin'izany.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina :**
- ▶ Mandala ny soatoavina.
- ▶ Fandraisana andraikitra.

## Fitondran-tena andrasana

Manaja ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana.

## DINIHIKO

?

***Andraikitry ny mpianatra***
Mamaky ny lahatsoratra mba hahazoana izay voalazany.

***Andraikitry ny mpampianatra***
Mampamaky ny lahatsoratra mba hahazoan'izy ireo ny votoatiny.

***Tetika amam-paika***
Asa samirery

***Fitaovana***
Lahatsoratra « Ny adin'ny firenena Rosiana sy ny Okraniana »

**VALINY ANDRASANA**

?

Mitantara ny adin'ny Firenena Rosiana sy ny Okraniana ary ny fandraisana andraikitry ny rafitra iraisam-pirenena ho fandaminana ny ady.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mamantatra ny rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana hita ao anaty lahatsoratra.
- Mamantatra ny andraikitra noraisi'ireo rafitra iraisam-pirenena araka ny voalaza ao amin'ny lahatsoratra.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hamantatra izay rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana hita ao anaty lahatsoratra.
- Mitarika ny mpianatra hamantatra ny andraikitra noraisi'ireo rafitra iraisam-pirenena araka ny voalaza ao amin'ny lahatsoratra.

***Tetika amam-paika***
Tosa-kevitra sy fifanakalozan-kevitra

***Fitaovana***
Lahatsoratra « Ny adin'ny firenena Rosiana sy ny Okraniana »

**VALINY ANDRASANA**

1. OTAN, Vondrona Eoropeana
2. Mitady vahaolana hampitsaharana ny adin'ny firenena rosiana sy ny Okraniana. Manasazy ara-toekarena ny firenena Rosiana. Mamatsy fitaovam-piadiana ny firenena Okraniana

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mampifandray ny rafitra iraisam-pirenena sy ny anarana iantsoana azy
- Manasokajy ireo rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara.
- Mitanisa ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana miara-miasa amin'i Madagasikara.
- Manamarika M eo anoloan'ireo valiny marina mikasika ireo adidy sy ireo andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hampifandray ny rafitra iraisam-pirenena sy ny anarana iantsoana azy
- Mitarika ny mpianatra hanasokajy ireo ny rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara.
- Mitarika ny mpianatra hitanisa ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana miara-miasa amin'i Madagasikara.
- Manentana ny tarika hanisy marika M eo anoloan'ireo valiny marina mikasika ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena.

***Tetika amam-paika***

Asan-tarika

***Fitaovana***

Marker sy kraft

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Mampifanaraka ny rafitra iraisam-pirenena sy ny anarana iantsoana azy

| | |
|---|---|
| 1. Organisation du Traité de l'Atlantique Nord | e. OTAN |
| 2. Organisation des Nations Unies | d. ONU |
| 3. Southern African Development Community | b. SADC |
| 4. Organisation Internationale du Travail | a. OIT |

**Sahanasa 2**

Ireo rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara sy ny andraikitra raisiny amin'ny ankapobeny

| Banque Mondiale | ONU | SADC |
|---|---|---|
| Fiaraha-miasa ara-bola iraisam-pirenena, fampivelarana ny varotra sy ny fandrosoana | Fitandroana ny filaminana sy fandriampahalemana maneran-tany, fiarovana ny zon'olombelona sy fampandrosoana maharitra. | Fandaminana ny fandriampahalemana aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika |

**Sahanasa 3**

Fitanisana ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminanana sy ny fadriampahalemana miara-miasa amin'i Madagasikara.

- o **SADC** : fanelanelanana amin'ny olana ara-politika sy ara-tsosialy
- o **PNUD** : fanohanana mba hisian'ny ny fanjakana tsara tantana, ny demokrasia
- o **OIT** : fiarovana sy fampiroboroboana ny zon'ny mpiasa

**Sahanasa 4**

**Fametrahana M ireo valiny marina**

- ▶ Manentana ny mpiara-belona hifandray amin'ireo sehatra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara raha misy antony ilàna izany. M
- ▶ Manentana ny mpiara-belona mba hanaraka ny fandaminana sy ny vahaolana niarahan'ny mpitondra nikaroka tamin'ireo rafitra iraisam-pirenena. M
- ▶ Manentana ny mpiara-belona amin'ny fanajana ny lalàna sy ny fifanarahana iraisam-pirenena izay nankatoavina sy nosoniavin'ny firenena malagasy. M
- ▶ Mifidy ireo solontenam-pirenena hiasa ao anatin'ny rafitra iraisam-pirenena

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidy mikasika :

- ▶ ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemena ary ny andraikiny ;
- ▶ ny andraikitra ankapobeny raisin'ireo rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara ;
- ▶ ny adidy aman' andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena ;
- ▶ mihaino ny fandravonana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Manontany ny mpianatra izay tadidin'izy ireo mikasika ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana ary ny andraikiny.
- ▶ Manao fandravonana izay voalazan'ny mpianatra sy mameno izay tokony hofenoina.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Tosa-kevitra
- ▶ Fanontaniana sy Valiny

**VALINY ANDRASANA**

▶ Ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana ary ny andraikiny :

- OTAN ho an'ny fiantseharana ara-politika sy ara-tafika ;
- SADC ho an'ny fanelanelana ara-politika ;
- ONU amin'ny alalan'ny : Tafika misatroka manga ho an'ny fiantseharana ara-tafika, Fitsarana iraisam-pirenena mitsara amin'ny heloka bevava ataon'ny mpitondra firenena (Filoha) ; Fitsarana iraisam-pirenena misahana ny fampiharana ny sazy iraisam-pirenena (Cours Pénal Inetrnational) ;
- CEDEAO ho an'ny fiantseharana ara-tafika.

▶ Ny andraikitra ankapobeny raisin'ireo rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin'i Madagasikara.

- SADC dia misahana manokana ny fandaminana ny fandriampahalemana aty amin'ny faritra atsimon'i Afrika.
- UNESCO dia misahana manokana ny fiarovana sy fitehirizana ny vakoka sy ny kolontsaina.
- ONU dia misahana manokana ny fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahalemana manerantany, ny fiarovana ny zon'olombelona sy ny fampandrosoana maharitra.

▶ Ny adidy aman' andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena.

- Fanajana ny fifanarahana iraisam-pirenena momba ny filaminana sy ny fandriampahalemana.
- Manaiky sy manaraka ny fandaminana niarahana nitady mba hampisy ny filaminana sy ny fandriampahalemana.
- Mamantatra ireo karazana rafitra iraisam-pirenena sy mahalala ny andraikitra mampiavaka azy tsirairay.

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mampifandray amin'ny tsilo ireo rafitra iraisam-pirenena sy ny fomba fiasany ho fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahalemana.
- Mametraka marika X eo amin'ny MARINA na eo amin'ny DISO izay mifanaraka amin'ny filaza.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Miteny amin'ny mpianatra mba hampifandray amin'ny tsilo ireo rafitra iraisam-pirenena sy ny fomba fiasany ho fitandroana ny filaminana sy ny fandriampahalemana.
- Miteny amin'ny mpianatra hametraka marika X eo amin'ny MARINA na eo amin'ny DISO izay mifanaraka amin'ny filaza.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

*1) e. 2) g 3) f*
*4) h 5) a 6) b 7) b*

**Sahanasa 2**

| FILAZA | MARINA | DISO |
|---|---|---|
| Afaka miara-miasa amin’ny firenena iray ny rafitra iraisam-pirenena hitandroana ny filaminana. | X | |
| Afaka miantsehatra ara-tafika ny OTAN handaminana ny firenena miady. | X | |
| Manana adidy ny olompirenena hanaja sy hanaiky ny fifanarahana iraisam-pirenena izay nankatoavin’ny firenena Malagasy. | X | |
| Afaka mitsabaka amin’ny fitantanana ara-bolan’ny firenena iray ny rafitra iraisam-pirenena misehatra amin’ny filaminana sy ny fandriampahalemana. | | X |
| Ny OTAN dia rafitra iraisam-pirenena miara-miasa amin’i Madagasikara . | | X |
| Mila manaiky ny fifandaminana niarahan’ny rafitra iraisam-pirenena sy ny mpitondra voakasika ny filaminana ireo olompirenena mba hampisy ny fandriampahalemana. | X | |

***Andraikitry ny mpianatra***

Milalao ny anjara andraikitra omena azy amin'ny lalaon'andraikitra : « Mpianatra miady hevitra mikasika ny rafitra afaka mandamina ny tsy filaminana sy ny tsy fandriampahalemana amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy eo anivon'ny fiarahamonina ».

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mangataka amin'ny mpianatra hanao lalaon'andraikitra mba hampahafantatra amin'ny namany ny rafitra afaka mandamina ny tsy filaminana sy ny tsy fandriampahalemana amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy eo anivon'ny fiarahamonina.

Lalaon'andraikitra : Mpianatra miady hevitra mikasika ny rafitra afaka nandamina ny tsy filaminana sy ny tsy fandriam-pahalemana nisy teto Madagasikara.

Anjara asa holalaovina :

- Misy mpianatra maka ny toeran'ny olona tsy mahalala
- Misy mpianatra maka ny toeran'ny mpianatra mpanoro hevitra

***Tetika amam-paika***

Lalaon'andraikitra

***Fitaovana***

Takelaka milazalaza ny anjara asan'ny mpandray anjara « Korontana ara-tsosialy sy ara-politika nisy teto Madagasikara ka nandraisan'ny SADC anjara ny fandaminana ».

## VALINY ANDRASANA

Lalaoviko ny anjara andraikitra omena ahy amin'ny lalaon'andraikitra :
Mpianatra miady hevitra mikasika ny rafitra afaka mandamina ny tsy filaminana sy ny tsy fandriam-pahalemana amin'ny sehatra iraisam-pirenena sy eo anivon'ny fiarahamonina :
« Korontana ara-tsosialy sy ara-politika nisy teto Madagasikara ka nandraisan'ny SADC anjara ny fandaminana »

| MPANDRAY ANJARA | ANJARA ASA LALAOVINA |
|---|---|
| I Lemena | Hono ho aho ry Tolotra, ahoana moa no nampilamina ilay korontana ara-tsosialy sy ara-politika nisy teto Madagasikara iny ? |
| I Tolotra | Misy ny finiavan' ireo mpanao politika mba handamina ny korontana ara-tsosialy sy ara-politika saingy tsy nahomby noho ny tsy fisian'ny fifandeferana. Misy tamin'ireo mpanao politika no nangataka ny fanampian'ny rafitra iraisam-pirenena mba hanao ny fanelanelanana hitadiavana vahaolana. |
| I Lemena | Dia iza no rafitra iraisam-pirenena tonga teto nanao ny fanelanelanana ? |
| I Tolotra | Ny SADC avy ao Botswana no naniraka delegasionina na solontena hanao ny fanelanelana teo amin'ireo mpanao politika mifanohitra. |

Vitako ary haiko ny manoro sy manentana ireo mpiara-mianatra amiko sy ny manodidina ahy mikasika ireo sehatra tokony ho fantany amin'ireo rafitra misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana iraisam-pirenena sy ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena manoloana ny fisian'ireo rafitra iraisam-pirenena.

| | |
|---|---|
| I Lemena | Dia samy nanaiky izany ve ny mpifanandrina ? |
| I Tolotra | Eny, satria rafitra manana ny anjara toerany iraisam-pirenena ny SADC dia tokony hohajaina sy hekena ny volavolana vahaolana atolony izany niainga tamin'ny fiaraha-midinika fa tsy fanapahan-kevitra samy irery avy aminy. |
| I Lemena | Dia nanao ahoana ny tohiny, nilamina ve ny toe-draharaha teto amin'ny firenena ? |
| I Tolotra | Eny, niroso tamin'ny fanatanterahana ny vahaolana ny mpifanandrina roa tonta ka niravona ny disadisa ary nilamina ny tany sy ny fanjakana. |
| I Lemena | Tena mahomby izany ny fandraisana andraikitr' ireo mpifanandrina sy ny SADC izay nanao ny fanelanelanana ! |
| I Tolotra | Marina izany !<br>Ny olompirenena tsirairay dia tokony hahafantatra ny anjara asan'ireo rafitra iraisam-pirenena misehatra amin'ny filaminana sy ny fandriampahalemana ary tokony hanaja izay vahaolana narosony ho fandaminana ny savorovoro ara-tsosialy sy ara-politika. |

# LOHAHEVITRA FAHATELO : NY FITIAVAN-TANINDRAZANA

# NY FIFIDIANANA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fandraisana andraikitra, fahamarinana |
| **Voka-pianarana manokana** | Manoro ny mpiara-belona handray anjara amin'ny karazam-pifidianana rehetra eto amin'ny firenena. |
| **Fahalalana** | ▶ Mahafantatra ny fifidianana, ny zo, ny karazam-pifidianana ary ny andrim-panjakana.<br>▶ Mahalala ny zo sy ireo andraikitra ho laharam-pahamehana eo amin'ny maha olompirenena. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo karazam-pifidianana izay tanterahan'ny vahoaka mivantana.<br>▶ Ireo karazam-pifidianana izay tsy ny vahoaka no manatanteraka azy mivantana<br>▶ Ny adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay mialoha ny fifidianana.<br>▶ Ny adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay mandritra ny andron'ny fandatsaham-bato.<br>▶ Ny adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay aorian'ny fandatsaham-bato. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ▶ Resy lahatra fa zava-dehibe ho an'ny firenena ny fifidianana<br>▶ Manaiky fa ilaina ny fandraisana andraikitra manoloana ny fifidianana. |
| **Fahaiza-manao enti-miaina** | |

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

- ▶ Mahafantatra Soatoavina.
- ▶ Mahay mandrindra ny rarin-tsaina.
- ▶ Afaka mamaritra tanjona eo amin'ny fiainana sy mandrafitra ny fomba hanatratrarana izany.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**

- ▶ Mandrindra fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- ▶ Mandrindra ny finamanana.
- ▶ Afaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mifampiraharaha.
- ▶ Mahay mandrindra ny tsindry sy ny faneren'ny hafa.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana :**

- ▶ Manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy.
- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra rehefa nahazo ny fahalalana sy antontam-baovao ilaina amin'ny fifidianana.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

- ▶ Mandala ny soatoavina.
- ▶ Mihetsika mba hatratrarana ny tanjona, fanentanana.
- ▶ Fandraisana andraikitra.

## Fitondran-tena andrasana

- ▶ Manaiky ny maha zava-dehibe ny zo maha olompirenena.
- ▶ Resy lahatra fa ilaina ny mandrindra ny rarin-tsaina, ny fihetseham-po, ny tsindry ary ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny safidin'ny tena manokana.

## DINIHIKO

**Andraikitry ny mpianatra**

Mijery sy mamantatra ny sary ary milaza izay hitany.

**Andraikitry ny mpampianatra**

- Mampandinika sary ny mpianatra.
- Manentana ny mpianatra hilaza izay hitany eo amin'ny sary.

**Tetika amam-paika**

- Asa samirery
- Tosa-kevitra

**Fitaovana**

Sary 1 : « Ny fifidianana »

## VALINY ANDRASANA

- ► Maro ny olompirenena izay milahatra hiditra ao amin'ny toerana fandatsaham-bato fifidianana misy vata handatsahana izany. Misy olona milahatra mandatsa-bato sy "isoloir", misy olona hiditra izay mitokana sy mivonona ny handatsa-bato, fanisam-bato, fitaovana ampiasaina mandritra ny fifidianana, fampielezan-kevitra...
- ► Misy soratra ny andrim-panjakana hofidiana : fifidianana filoham-pirenena eo amin'ilay trano hanatanterahana izany.
- ► Mizotra milamina tsara ny fifidianana.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mitanisa ireo tompon'andraikitra izay tokony hofidiana ao amin'ny firenena.
- Milaza ireo fepetra hilatsahan-kofidiana sy ny zon' ny mpifidy.
- Milaza ireo karazana fifidianana izay tanterahin'ny vahoaka na mivantana na tsia.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hitanisa ireo tompon'andraikitra izay tokony hofidiana ao amin'ny firenena.
- Mampahafantatra ireo fepetra afaka hilatsahan-kofidiana sy ny zon'ny mpifidy.
- Mampahafantatra ireo karazana fifidianana izay tanterahin'ny vahoaka na mivantana na tsia.

***Tetika amam-paika***

- Asan-tarika
- Fanehoana ampahibemaso ny vokatry ny asan-tarika

***Fitaovana***

Sary 1 : « Ny fifidianana »

## VALINY ANDRASANA

1. Ireto avy ireo tompon'andraikitra tokony hofidiana ao amin'ny fireneko : ny filoham-pirenena, ny solom-bavam-bahoaka, ny loholona ary ben'ny tanàna.

2. Ireo fepetran' ny hilatsahan-kofidiana sy ny zon' ny mpifidy fantatro

| Ireo fepetra hahafahana milatsaka hofidiana | Ireo fepetra hahafahana mifidy |
|---|---|
| • Olona manana zom-pirenena malagasy.<br>• Mihoatra ny 21 taona .<br>• Mihoatra ny 35 taona raha filoham-pirenena.<br>• Misitraka ny zo maha olompirenena sy zo ara-politika eo amin'ny firenena.<br>• Taratasy fitanisan-tsazy fahatelo na "casier judicière vièrge" :<br>• Manana certificat de nationalité malagasy.<br>• Tsy manana olana amin'ny fandoavan-ketra sy hetra. | • 18 taona no ho mihoatra ;<br>• Mizaka ny zom-pirenena Malagasy ;<br>• Voasoratra ao anatin'ny lisi-pifidianana no sady manana kara-pifidianana. |

3. Ireo karazana fifidianana tanterahin'ny vahoaka mivantana :
ny fifidianana ny filoham-pirenena, ny solom-bavam-bahoaka, ary ny ben'ny tanàna.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mandamina araka ny tokony ho izy ireo andraikitra raisin'ny mpifidy eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena rehefa misy fifidianana.
- ▶ Milaza isaky ny sary ny fotoana na mialoha na mandritra na aorian'ny fifidianana izay hanatanterahan' ny olompirenena ny andraikiny.
- ▶ Marihiko M ireo fomba fijery sy fisainana tokony hananana mandritra ny fotoanan'ny fifidianana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Manentana ny mpianatra handamina araka ny tokony ho izy ireo andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena rehefa misy fifidianana.
- ▶ Manentana ny mpianatra hilaza isaky ny sary ny fotoana na mialoha na mandritra na aorian'ny fifidianana izay hanatanterahan' ny olompirenena ny andraikiny.
- ▶ Manentana ny mpianatra hanamarika M ireo fomba fijery sy fisainana tokony hananana mialoha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana.

***Tetika amam-paika***

- Asa an-tarika
- Fanehoana ampahibemaso ny vokatry ny asan-tarika

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Filaminan'ny andraikitry ny mpifidy eo anivon'ny fiarahamonina sy firenena :

- ▶ misoratra anarana ao amin'ny lisi-pifidianana
- ▶ manamarina ny anaranao ao anaty lisi-pifidianana
- ▶ manentana ny olona hisoratra anarana ao amin'ny lisim-pifidianana sy mandeha mifidy
- ▶ manisa ireo vatom-pifidianana
- ▶ manamarina ny valim-pifidianana

*Sahanasa 2*

Sary 1 : Mandritra ny fifidianana
Sary 2 : Mialoha ny fifidianana
Sary 3 : Mialoha ny fifidianana
Sary 4 : Mialoha ny fifidianana
Sary 5 : Mandritra ny fifidianana
Sary 6 : Aorian'ny fifidianana
Sary 7 : Mialoha, mandritra, aorian'ny fifidianana

*Sahanasa 3*

Ireo fomba fijery sy fisainana tokony hananana mandritra ireo fotoanan' ny fifidianana.

- mahay mametraka ny zo sy ny andraikitra ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainana M
- mahay mandresy lahatra ireo mpiara-monina tsy hisoratra anarana amin'ny lisi-pifidianana eny amin'ny fokontany D
- mahay manaja ny zon'ny mpanohitra sy ny vitsy an'isa ary mahazaka tsikera M
- mahay manaja ireo lalàna malagasy mifanaraka amin'ny vanim-potoanan' ny fifidianana M
- mahay miaro ny zo eo anivon'ny fiarahamonina sy ny firenena M

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Milaza mazava ireo karazana fifidianana izay tanterahin'ny vahoaka na mivantana na tsia.
- ▶ Mamintina ireo fepetra ilaina hilatsahan-kofidiana ary ny hahazoan'ny olompirenena zo hifidy
- ▶ Mitanisa ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay izay tanterahina mialoha, mandritra, aorian'ny fotoana hanaovana fifidianana iray.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mampilaza mazava ireo karazana fifidianana izay tanterahin'ny vahoaka na mivantana na tsia fantatry ny mpianatra.
- ▶ Mampamintina ireo fepetra ilaina mba hilatsahan-kofidiana ary ny hahazoan'ny olompirenena zo hifidy.
- ▶ Mampitanisa ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay izay tanterahina mialoha, mandritra, aorian'ny fotoana hanaovana fifidianana iray.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Ireo karazana fifidianana izay tanterahin'ny vahoaka mivantana :
  - ny fifidianana ny filoham-pirenena ;
  - ny fifidianana ny solombavam-bahoaka na ireo mpanao lalàna ;
  - ny fifidianana ben'ny tanàna eo anivon'ny kaominina.
- ▶ Ireo karazana fifidianana izay tsy tanterahany vahoaka mivantana :
  - ny fifidianana loholona
- ▶ Ireo fepetra ilaina mba hahafahana milatsaka hofidiana ary ny hahazoan'ny olompirenena zo hifidy :
  - manana zom-pirenena malagasy ;
  - Mihoatra ny 21 taona ary mihoatra ny 35 taona raha filoham-pirenena ;
  - misitraka ny zo maha olompirenena sy zo ara-politika eo amin'ny firenena ;
  - taratasy fitanisan-tsazy fahatelo na « casier judicière vièrge » ;
  - manana « certificat de nationalité »;
  - tsy manana olana amin'ny fandoavan-ketra sy hetra.
- ▶ Ireo fepetra ny hahazoan'ny olompirenena zo hifidy :
  - 18 taona ny miakatra
  - Manana zom-pirenena malagasy
  - Voasoratra ao anatin'ny lisi-pifidianana

▶ Ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay

| Mialoha ny fifidianana | Mandritra ny fifidianana | Aorian'ny fifidianana |
|---|---|---|
| - Manoratra anarana any amin'ny lisi-pifidianana<br>- Manamarina ny anarana ao anaty lisi-pifidianana<br>- Maka ny kara-pifidianana<br>- Manaraka fampielezan-kevitra | Manatanteraka ny fandatsaham-bato | - Manisa vato<br>- Manara-baovao mikasika ny voka-pifidianana |

## HAIKO

**Andraikitry ny mpianatra**

▶ Mahalala ny fepetra hilatsan-kofidiana sy ny zo ananan'ny olompirenena tsirairay.

▶ Mahay ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay izay tanterahina mialoha, mandritra, aorian'ny fotoana hanaovana fifidianana iray.

**Andraikitry ny mpampianatra**

▶ Manamafy ireo fepetra afaka hilatsahan-kofidiana sy ny zo ananan'ny olompirenena tsirairay

▶ Mampahalala ireo adidy sy andraikitry ny olompirenena tsirairay izay tanterahina :

- mialoha ;
- mandritra ;
- aorian'ny fotoana hanaovana fifidianana iray.

**Tetika amam-paika**

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

▶ Ireo olana nitranga taorian'ny fifidianana : tsy nekena ny fanapahan-kevitra noraisina

▶ Ireo antony nahatonga ny olana : satria hono tsy zakam-behivavy izany toerana izany

▶ Ny fiantraikan'izany ao amin'ny fiainam-pirenena : tsy faneken'ny vahoaka ny fivadihana amin'izay nifanarahana.

▶ Ireo fepetra raisina mahakasika izany : ny fiverenana amin'ny fanajana ny fahamarinana sy ny fanapahan-kevitry ny maro an'isa.

**Sahanasa 2**

Fenoiko ny fafana

| Mifidy aho mba... | Raha tsy mifidy aho dia... |
|---|---|
| • Hanatanteraka ny zoko amin'ny maha olompirenena vanona ahy.<br>• Hahalany izay olona mahafantatra tsara ny olako.<br>• Ho ny olona azoko antoka fa hiady ny tombotsoako rehetra amin'ny maha –olompirenenan ahy no hisolo tena ahy.<br>• Handresena ireo izay tsy niraharaha ny tombontsoako sy ny ilaiko.<br>• Hanomezana vahana ny fandaharan'asa mamaly ny hetateha sy izay ilaiko<br>• Handraisako an- tanana ny hoavin'ny taranako.<br>• Hanamarihako ny fisiako eo anivon'ny fiarahamonina sy ny Firenena.<br>• Handraisako anjara amin'ny fanamafisana orina ny demôkrasia eto amin'ny Fireneko. | • Ny safidin'ny hafa no ekeko tsy fidiny. Ka tsy aleo ve ny safidiko ihany<br>• Hitarain-dava amin'ny fahatanterahan'ny zoko |

**Andraikitry ny mpianatra**

- ▶ Mitantara izay andraikitra noraisiny sy ny mpiara-belona aminy nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo.
- ▶ Mamorona teny fanentanana hanentanana ny vahoaka :
  - handray anjara rehefa misy fifidianana ;
  - handresy lahatra ny namany mba hiaro ny zony sy ny safidiny.

**Andraikitry ny mpampianatra**

- ▶ Mitsinjara ireo mpianatra ho tarika maromaro.
- ▶ Mampitantara ireo mpianatra izay andraikitra nataony sy ny mpiara-belona aminy nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo.
- ▶ Mampamorona teny fanentanana :
  - handray anjara rehefa misy fifidianana ;
  - handresy lahatra ny namany mba hiaro ny zony sy ny safidiny.

**Tetika amam-paika**

- ▶ Asan-tarika
- ▶ Fanehoana ampahibemaso ny vokatry ny asan-tarika

**VALINY ANDRASANA**

?

- ▶ Mitantara izay andraikitra noraisiko sy ireo mpiara-belona amiko nandritra ny fifidianana filoham-pirenena farany teo aho.
- ▶ Mandray anjara ao anaty seho kely isan-tarika izay ahafahana manentana ny olona :
  - handray anjara rehefa misy fifidianana ;
  - handresy lahatra ny namany mba hiaro ny zony sy ny safidiny.

# NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fandraisana andraikitra, fahamarinana |
| **Voka-pianarana manokana** | Manampy sy manentana ny hafa mba hitoroka any amin'ny BIANCO raha iharan'ny kolikoly na mahita trangana kolikoly |
| **Votoatiny trandrahna** | ▶ Ny andraikitry ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly.<br>▶ Ireo fomba fitorohana raha misy trangana kolikoly. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo andraikitry ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly sy ireo fomba fitorohana raha misy trangana kolikoly. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | Resy lahatra aho fa ratsy ny kolikoly ary tsy hanaiky lembenana manoloana izany. |

**Fahaiza-manao enti-miaina**

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**
- ▶ Mahay manaja ny tenany, manana fahatokisana ny tenany,
- ▶ Mahay mandrindra ny fihetseham-po, mahay mandrindra ny rari-tsaina,
- ▶ Mahay mandrindra ny fanerena sy ny fitarihan'ny hafa, manana fomba fijery miabo.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiaraha-monina amin'ny hafa**
- ▶ Mandrindra ny finamanana, mandrindra ny fihetseham-po manomoana tranga samihafa.
- ▶ Mahay mifandray tanora/olon-tiana.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny hoavy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**
- ▶ Manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy sy trangam-piainana.
- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra rehefa nahazo fahalalana sy antontam-baovao ilaina amin'izany, afaka mamaha olana, mihetsika mba hanatratrarana ny tanjona.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**
Mahay mandray fanapahan-kevitra, mandray andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana**
- ▶ Manefa ny adidy amin'ny maha olompirenena.
- ▶ Mandray andraikitra amin'ny ady amin'ny kolikoly.

## DINIHIKO

?

***Andraikitry ny mpianatra***
Mandinika sy milaza izay hitany eo amin'ireo sary 1, 2, 3.

***Andraikitry ny mpampianatra***
Mampandinika ireo sary ny mpianatra ary manontany azy ireo izay hitany sy manaitra azy eo amin'izany.

***Tetika amam-paika***
Asa samirery

***Fitaovana***
Sary 1, 2, 3

## VALINY ANDRASANA

- Sary 1 : Sary olona mahita polisy mandray vola amin'ny mpamily, Io olona iray io ihany koa no nahita ray aman-dreny manolotra gisa ho an'ny mpampianatra na talen-tsekoly. Mbola izy ihany koa no nahatazana manam-pahefana iray nandray vola tamin'ny olon-tsotra. Velom-panontaniana izy nanoloana ireo tranga samihafa ireo ka niteny hoe : « Nahita trangana kolikoly samihafa aho, te- handray ny andraikitro aho nefa inona no tokony ho hataoko ? »
- Sary 2 : Sary maneho fivoriana tarihin'ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly (BIANCO). Hita fa liana ny mpanatrika izay ahitana ny sokajin'olona rehetra toy ny ray aman-dreny, ny zaza amam-behivavy, ny mpianatra, mpandraharaha, manampahefana, …
- Sary 3 : Sary maneho olona manatona eny anivon'ny biraon'ny BIANCO.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mamantatra ireo trangana kolikoly hitany eo amin'ny sary 1.
- Milaza ny hetsika tanterahin'ny Birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly voarakitra eo amin'ny sary 2.
- Manambara izay fandraisana andraikitra nataon'ny olona iray rehefa nahita trangana kolikoly eo amin'ny sary 3.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hamantatra ireo trangana kolikoly hita eo amin'ny sary 1.
- Manentana ny mpianatra hamantatra ny hetsika tanterahin'ny Birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly voarakitra eo amin'ny sary 2.
- Misarika ny mpianatra hanambara izay fandraisana andraikitra nataon'ny olona iray rehefa nahita trangana kolikoly eo amin'ny sary 3.

***Tetika amam-paika***
Asa samirery

***Fitaovana***
Sary 1, 2, 3

## VALINY ANDRASANA

1. Kolikoly mandray (Mpitandro ny filaminana mandray vola amin'ny mpamily), Kolikoly fanomezana tsy ara-dalana (Talen-tsekoly na mpampianatra mandray fanomezana izay tsy tokony ho azony avy amin'ny olona iray mety hanohintohina ny asany na hampiova ny fanapahan-keviny na ny fomba fiasany).
2. Mpiandraikitra eo anivon'ny BIANCO manatanteraka fanentanana eny ifotony ho fampahafantarana sy fanabeazana ny olompirenena mahakasika ny adidy aman'andraikitra sahan'izy ireo.
3. Ny fandraisana andraikitra nataon'ny olona iray rehefa nahita trangana kolikoly eo amin'ny sary 3 : Nandray andraikitra ka nanatona avy hatrany ny biraon'ny BIANCO.

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mitanisa ireo andraikitra sahan'ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly(BIANCO) fantany amin'ny alalan'ny fitrandrahana ny sary faha 2 sy faha 3.
- Manambara ireo toerana misy ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly amin'ny alalan'ny famenoana ny fafana.
- Mitrandraka sy mandahatra ny sary faha 4 ary milaza ireo fomba fitorohana raha misy trangana kolikoly.
- Mameno ny fafana ambany amin'ny alalan'ny safidy samihafa.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mizara ny mpianatra ho tarika maromaro.
- Mampitanisa ireo ny andraikitra sahan'ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly (BIANCO) fantatry ny mpianatra amin'ny alalan'ny fitrandrahan'izy ireo ny sary laharana faha 2 sy faha 3.
- Mampameno ny fafana ny mpianatra mahakasika ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly.
- Mandahatra ny sary mba hafahana milaza ireo fomba fitorohana raha misy trangana kolikoly ary manamarina ny valin-teny.
- Mampameno ny fafana ambany amin'ny alalan'ny safidy samihafa.

***Tetika amam-paika***

- Resadresaka arahina fifanankalozan-kevitra
- Asa an-tarika arahina fanehoana ny asa vita, fifanakalozan-kevitra.

***Fitaovana***

- Fafana
- Sary

## VALINY ANDRASANA

***Sahanasa 1***

- Manentana : mampianatra, manabe, mampahafantatra ny vahoaka sy ny olompirenena mahakasika ny antsoina hoe kolikoly, ny endrika isehoany, ny maharatsy izany ary mitarika ny rehetra hiady amin'izany.
- Manao fanadihadiana : mijery sy manadihady ny tena zava-misy rehefa nandray fitarainana na fitoriana.
- Miady amin'ny kolikoly : mametraka paikady entina manafoana ireo mety ho hirika hahatonga kolikoly na amin'ny sehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana.

***Sahanasa 2***

Masoivoho isam-paritany :

Ahitana rantsana BIANCO daholo ny Faritany 6 : Fianarantsoa, Antsiranana, Toliara, Mahajanga, Antananarivo, Toamasina

Masoivoho isam-paritra :

Ankoatra ny masoivoho eo amin'ny renivohi-paritany dia manana sampana manokana ihany koa ny BIANCO ao amin'ireto toerana na faritra manaraka ireto : Taolagnaro, Manakara, SAVA, Morondava.

***Sahanasa 3***

- Mahita trangana kolikoly voaporofo sy mitombona.
- Fametrahana ny fitarainana miaraka amin'ny porofo eny amin'ny BIANCO.
- Firosoan'ny BIANCO amin'ny fanadihadiana mivantana.
- Fitondran'ny BIANCO ny raharaha kolikoly any amin'ny fitsarana.

***Sahanasa 4***

MIVANTANA : Manatona mivantana ny Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly. Mametraka fitoriana eny anivon'ny fitsarana ambaratonga voalohany na eny amin'ny fitsarana manokana misahana ny ady amin'ny kolikoly na ny PAC. Manatona ny biraon'ny polisy na ny zandary.

AMPITAIN-DAVITRA : Mametraka fitorohana amin'ny alalan'ny i-toroka ao amin'ny tranonkalan'ny BIANCO (www.bianco-mg.org). Manoratra mivantana any amin' ny Birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly. Miantso ny laharana 033 54 600 00.

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Manoratra izay tadidiny mahakasika ny andraikitry ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly (BIANCO).
- Manoratra  ireo fomba fitorohana raha misy trangana kolikoly tadidiny.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mampanoratra izay tadidin'ny mpianatra mahakasika ny andraikitry ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly (BIANCO).
- Mampanoratra ireo fomba fitorahana raha misy trangana kolikoly tadidin'ny mpianatra.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

1. Manabe ny olompirenena ny amin'ny voka-dratsy ateraky ny kolikoly ary mitarika azy ireo hiady amin'izany. Misoroka ireo hirika mety hiteraka kolikoly eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy amin'ny sehatra tsy miankina. Manadihady sy mampihatra ny lalana velona mahakasika ny kolikoly.

2. Manantona ny biraon'ny polisy na ny zandary. Manantona ny Birao mahaleo tena miady amin'ny kolikoly. Mametraka fitoriana eny anivon'ny fitsarana ambaratonga voalohany na eny amin'ny fitsarana manokana misahana ny ady amin'ny kolikoly na ny PAC. Mametraha fitorohana amin'ny alalan'ny i-toroka ao amin'ny tranonkalan'ny BIANCO (www.bianco-mg.org). Azo atao ihany koa ny manoratra mivantana any amin'ny BIANCO.

### *Andraikitry ny mpianatra*

- Mifidy ireo andraikitra sahan'ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly
- Mameno ny fafana.
- Manisy marika X eo amin'ny « marina » na eo amin'ny « diso ».
- Mamaky fehezanteny ary mamaly marina sa diso.

### *Andraikitry ny mpampianatra*

- Mizara ny mpianatra ho tarika maromaro.
- Manomana ny Karatra VIPP misy ireo karazana andraikitra hisafidianana.
- Mitsinjara amin'ny mpianatra ireo karazana andraikitra mifamatotra amin'ny resaka kolikoly amin'ny alalan'ny Karatra VIPP.
- Mitarika ny mpianatra hisafidy ireo andraikitra sahan'ny sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly amin'ireo andraikitra nozaraina taminy.
- Mandravona ny hevitry ny isan-tarika ary maneho ny valiny marina.
- Mampameno ny fafana ary manampy fanazavana ny isan-tarika ny amin'ny fomba famenoana izany.
- Mitarika ny mpianatra hamaky ny fehezantany ary manamarika X eo amin'ny « marina » na eo amin'ny « diso ».

### *Tetika amam-paika*

Asa an-tarika arahina fanehoana ny asa vita , fifanakalozan-kevitra .

### *Fitaovana*

- Karatra VIPP misy ireo karazana andraikitra
- Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Mampahafantatra ny olompirenena momba ireo voka- dratsy ateraky ny kolikoly sy mampirisika ny fiarahamonina hiady amin'izany.

Misoroka ny hirika hidiran'ny kolikoly amin'ny sehatr'asa rehetra.

Manao fanadihadiana ireo trangana kolikoly.

**Sahanasa 2**

Fiantraikany ratsy : Manjaka ny kolikoly sy ny tsy maty manota. Potika ny firenena ary manjaka ny tsy fahamarinana.
Fiantraikany tsara : Mihena ny kolikoly ary matahotra ny mpanao izany. Mandroso ny firenena.
Fanapahan-kevitra : Handray andraikitra hitory eny amin'ny Sampan-draharaha miady amin'ny kolikoly.

**Sahanasa 3**

1. Marina
2. Diso
3. Marina
4. Marina

## IAINAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Manomana fanentanana ho an'ny namana sy ny mpiara-belona ho sahy handray andraikitra raha sendra mahita na iharana trangana kolikoly.
- Mamorona teny filamatra mampirisika ny olona ho sahy hitoroka raha mahita na iharan'ny trangana kolikoly ary mametaka izany amin'ny rindrin'ny sekoly.
- Mamorona seho sehatra trangana kolikoly niainako tao amin'ny biraom-panjakana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Manentana ny mpianatra hamokatra karazana hafatra fanentanana ireo sy drafitra tetikasa.
- Mitarika ny mpianatra hamorona teny filamatra mampirisika ny olona ho sahy hitoroka raha mahita na iharan'ny trangana kolikoly ary mametaka izany amin'ny rindrin'ny sekoly.
- Manentana ny mpianatra hamorona seho sehatra trangana kolikoly niainana tao amin'ny biraom-panjakana.

***Tetika amam-paika***

Asa an-tarika

## VALINY ANDRASANA

1. Ohatra : Tompokolahy sy tompokovavy, Fantatsika fa fanetriben'ny firenena ny kolikoly. Noho izany, entanina isika rehetra mba ho sahy handray andraikitra raha sendra mahita na iharana trangana kolikoly . Tsy efan'irery ny fandresena izany koa alao hery ary fa ny fijoroako, ny fijoroanao, ny fijoroantsika no hanandratra ny firenena.
2. Teny filamatra : « Sahia mitoroka na mitory raha mahita na iharana trangana kolikoly ». « Antoka iray ho amin'ny fampahombiazana ny ady amin'ny kolikoly ny fandraisan'ny olompirenena tsirairay anjara amin'izany ».
3. Tranga : Niharana trangana kolikoly teny anivon'ny biraom-panjakana ny tenako. Nilaza ilay tompon'andraikitra fa tsy afaka handray ny antontan-taratasiko raha tsy mandoa vola aminy manokana. Tsy nanaiky izany aho ka nandray ny andraikitro nitoroka teny anivon'ny birao mahaleotena iadiana amin'ny kolikoly.

# NY FIFAMPITSIMBINANA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fanajana ny fiandrianam-pirenena, fahamarinana |
| **Voka-pianarana manokana** | Maneho fiaraha-miaina mirindra anjakan'ny fifampitsimbinana. |
| **Votoatiny trandrahina** | ▶ Ireo toetra amam-pihetsika mendrika mampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana.<br>▶ Ny atao ho fanentanana ny hafa |
| **Fahalalana** | ▶ Mahafantatra ny endrika isehoan'ny fifampitsimbinana sy ny fomba hampanjakana azy. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ▶ Resy lahatra aho fa manamafy orina ny soatoavina ny fifampitsimbinana.<br>▶ Ny fanehoana toetra amam-pihetsika mendrika no manamafy orina ny fifampitsimbinana.<br>▶ Ilaina ny mifampitsimbina eo amin'ny fiainana mba hananana fiarahamonina mirindra. |

## Fahaiza-manao enti-miaina

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

- ▶ Mahafantatra soatoavina.
- ▶ Manana fomba fijery miabo.
- ▶ Afaka mamaritra tanjona eo amin'ny fiainana.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy fiarahamonina amin'ny hafa**

- ▶ Mandrindra finamanana.
- ▶ Mahay mifandray : tanora/tanora, tanora/olon-dehibe.
- ▶ Afaka mipetraka amin'ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mifampiraharaha.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny ho avy sy mitondra ho amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**

- ▶ Manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy sy trangam-piainana.
- ▶ Afaka mamaha olana.
- ▶ Mihetsika mba hahatratrarana ny tanjona.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

- ▶ Mahay maka ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mitsikera.
- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra.
- ▶ Mandala ny soatoavina.
- ▶ Mandray andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana**

- ▶ Azo ifampiresahana ary afaka mihaino.
- ▶ Sahy mizara izay mahazo ny tena amin'ny namana sy ny mpiara-monina.
- ▶ Mahay mihaino ny hafa mizara ny olany.
- ▶ Mihevitra ny manjo ny hafa.
- ▶ Mankamamy ny miara-monina amin'olona.
- ▶ Manampy ny hafa amin'ny fitiavana fa tsy mila tambiny.
- ▶ Mahay mandresy lahatra.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***
Mamaky ny lahatsoratra ka mamantatra izay ambaran'ireo tranga.

***Andraikitry ny mpampianatra***
Mitarika ny mpianatra :

- hamaky ny lahatsoratra ;
- hamantatra izay voalazan'ireo tranga ambaran'ny lahatsoratra.

***Tetika amam-paika***

- Asa samirery
- Fanontaniana arahim-baliny
- Fanehoana am-bava

***Fitaovana***
Lahatsoratra /Tranga roa : Ny mponina ao Fiombonana

## VALINY ANDRASANA

Lahatsoratra mitantara tranga roa :

- Tranga voalohany : ny mpianatra kilasy T9 ahitana sokajina mpianatra marefo sy matanjaka ara-batana. Hanao asa fanadiovana sy fanatsarana ny tranombokin'ny sekoly izy ireo. Tsy natao ho sakana tsy hahavitan'ny asa ny fisian'ny fahasamihafana
- Tranga faharoa : Fikambanan'ny ray aman-drenin'ny mpianatra samy hafa fari-piainana, mivory hanapaka ny fandraisana anjara ara-bola hoenti-manana ny fanomezana. Tonga tamin'ny marimaritra iraisana.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mitanisa  ireo sokajina mpianatra hita ao amin'ny T9.
- Mamantatra ny zava-misy ao amin'ny tranga voalohany.
- Mamantatra ny zava-misy ao amin'ny tranga faharoa.
- Mamantatra ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ray aman-dreny amin'ny tranga faharoa ny amin'ny enti-manana ny mari-pankasitrahana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra hitanisa ireo sokajina mpianatra hita ao amin'ny kilasy T9.
- Mitarika ny mpianatra hamantatra ny zava-misy ao amin'ny tranga voalohany.
- Mitarika ny mpianatra hamantatra ny zava-misy ao amin'ny tranga faharoa nandritra ny fivoriana.
- Manentana ny mpianatra hikaroka  ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ray aman-dreny amin'ny tranga faharoa ny amin'ny enti-manana ny mari-pankasitrahana.

***Tetika amam-paika***

- Fifandimbiasam-pitenenana mihodina
- Dini-tranga
- Asa tsiroaroa
- Asan-tarika

***Fitaovana***
Lahatsoratra /Tranga roa : Ny mponina ao Fiombonana

## VALINY ANDRASANA

- Ireo sokajina mpianatra hita ao amin'ny kilasy T9 : mpianatra iray manana kilema malemy tanana ilany, mpianatra vavy iray manana aretina fahasemporana matetika, mpianatra valo mbola kely taona ka kely vatana lavitra raha miohatra amin'ny mpiray kilasy aminy, mpianatra tomombana salama vatana maro an'isa.
- Ny zava-nisy taorian'ny tranga voalohany : fanatsarana ny faritry sekoly na fanatsarana ny tranomboky no anjaran'ny T9.
- Ny zava-nisy tao amin'ny tranga faharoa nandritra ny fivoriana : fifampiresahana, ady hevitra, fifampizarana ny mahazo, fifampihainoana, fifanajana, fandraisana fanapahan-kevitra.
- Ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Ray aman-dreny amin'ny tranga faharoa, sy ny anton'izany :
- Fitia tsy mba hetra no nanangonana ny hoenti-manana tamin'ny odiambavafo sy ny mari-pankasitrahana satria tsy mitovy ny fari-piainan'ny ray aman-dreny ka samy manana ny fahafahany amin'ny fandraisany anjara.
- Mifampitsimbina tokoa ny mponina ao Fiombonana.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mizara amin'ny namana ny heviny mahakasika izay mety ho fifampiresahana nisy sy ny toetra amam-pihetsika niseho nandritra ny :
  - fanatanterahan'ny T9 ny asa ;
  - fizotry ny fivorian'ny ray aman-drenin'ny mpianatra.
- Misafidy izay hamenoana ny banga amin'ireo teny nomena mba hahazoana famaritana ny fifampitsimbinana.
- Mitanisa ireo endrika isehoan'ny fifampitsimbinana.
- Mitanisa ireo toetra amam-pihetsika tokony haseho mba hampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana.
- Mameno ny fafana ahitana ny endrika isehoan'ny fifampitsimbinana, ny sehatra ahafahana maneho izany, ny toetra amam-pihetsika tokony haseho.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mitarika ny mpianatra haneho sy hifampizara ny heviny mahakasika izay mety ho fifampiresahana nisy sy ny toetra amam-pihetsika niseho nandritra ny fanatanterahan'ny T9 ny asa fizotry ny fivorian'ny Ray aman-drenin'ny mpianatra.
- Mitarika ny mpianatra hisafidy izay hamenoana ny banga amin'ireo teny nomena mba hahazoana famaritana ny fifampitsimbinana.
- Mampikaroka ny endrika isehoan'ny fifampitsimbinana.
- Mampitanisa ireo toetra amam-pihetsika tokony haseho mba hampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana.
- Mitarika ny mpianatra mba hameno ny fafana ka hanara-maso ireo sahirana amin'ny famenoana azy.

***Tetika amam-paika***

- Fifanakalozan-kevitra anaty tarika
- Fifampizarana
- Am-bava
- Asa tsirairay
- Asa an-tarika

***Fitaovana***

- Lahatsoratra : Ny mponina ao Fiombonana
- Kraft , marker

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Fifampizarana hevitra : ny mety ho fizotry ny fivoriana.

- ▶ Teo amin'ny mpianatra T9 : mety ho nifampizara asa ireo mpianatra. Mety nisy adihevitra sy tsy fitovian-kevitra aloha teny am-piandohana. Nisy fanilikilihana, esoeson-teny, fiheveran-tena ho nahavita zavatra miohatra amin'ireo manana kilema na koa mihevi-tena tsy misy azony atao noho ny kilema ananany. Misy ny tezitra sy nalahelo, fialonana fa nisy kosa ny fifandresen-dahatra izay tonga tamin'ny fiheverana ny hafa, toe-tsaina miabo , fifanampiana ary fanatanterahana ny asa.
- ▶ Teo anivon'ny Ray aman-dreny : Nisy tsy fitovian-kevitra, misy ny nahatsiaro tena ho tsy afaka manao ny adidy ara-bola natolotra holaniana. Nisy ny nangataka mba hampihenana izany. Mety nisy fifandonan-kevitra. Nisy fifampihainoana sy fipetrahana amin'ny toeran'ny hafa izay tonga tamin'ny marimaritra iraisana.
- ▶ Nisy araka izany ny fifampitsimbinana.

**Sahanasa 2**

Famaritana azo omena ny fifampitsimbinana sy ny karazany :

- ▶ Hetsika sy ezaka ataon'izay olona manana fahafahana amin'ny hafa tsy mba afaka manatanteraka izany.
- ▶ Karazany : ara-batana, ara-kevitra, ara-pitaovana, ara-bola, ara-pifandraisana

**Sahanasa 3**

Ireo toetra amam-pihetsika tokony haseho mba hampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana : fiheverana ny hafa, toe-tsaina miabo , fifanampiana, ...

**Sahanasa 4**

Famenoana ny fafana (santionany azo raisina)

| Endrika isehoany | Sehatra ahafahana maneho izany | Toetra amam-pihetsika tokony haseho |
|---|---|---|
| - Fifanampiana<br>- Fifampihainoana | Amin'ny namana | - Mihaino sy mifampihaino<br>- Manolo-tena hisolo ny toeran'ny namana tsy manana fahafahana toy ny tena |
| - Fifanampiana<br>- Fitsinjovana ny hafa | Eo anivon'ny ankohonana | - Tsy mifanjana<br>- Miteny malefaka sy am-panajana rehefa miresaka<br>- Manana fandavan-tena |
| - Fifamelana,<br>- Fifanohanana,<br>- Fifampitondrana,<br>- Fifamonjena,<br>- Fisoloana toerana,<br>- ... | Eo amin'ny fianakaviana | - Tsy mifampialona<br>- Mifampitsinjo amin'ny fanatontosana ireo adidy aman'andraikitra |
| - Fifanampiana<br>- Fifamonjena,<br>- ... | Any an-tsekoly | - Manana fandavan-tena<br>- Miasa am-pitiavana<br>- Mametraka amin'ny toerany ny marefo sy ireo manana fahasembanana ho fitsimbinana ny ainy |

| | | |
|---|---|---|
| - Fifanomezan-tanana<br>- Valin-tanana,<br>- Fifarimbonana,<br>- Fifampitondrana,<br>- Fanavotana,<br>- Fifamonjena,<br>- .... | Eo amin'ny fiarahamonina sy ny firenena. | - Mifanome tanana amin'ny fanatanterahana asa.<br>- Manohana sy manampy ireo tra-pahasahiranana.<br>- Mahay mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.<br>- Mametraka eo amin'ny toerany ny marefo sy ireo manana fahasembanana ho fitsimbinana ny ainy.<br>- Mifampitsinjo amin'ny fanatontosana ireo adidy aman'andraikitra. |

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Manoratra izay tadidiny mahakasika ny :
  - endrika isehoan'ny fifampitsimbinana sy ny sehatra mety hahitana izany ;
  - toetra amam-pihetsika mendrika mampisy ny fifampitsimbinana mirindra.
- ▶ Mihaino ny fandravonana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mampanoratra izay tadidin'ny mpianatra mahakasika ny :
  - endrika isehoan'ny fifampitsimbinana sy ny sehatra mety hahitana izany ;
  - toetra amam-pihetsika mendrika mampisy ny fifampitsimbinana mirindra.
- ▶ Mandravona ny valin-teny araka ny novokarin'ny mpianatra.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Asa tsirairay
- ▶ An-tsoratra, arahina am-bava
- ▶ Asa iombonana

***Fitaovana***

- ▶ Taratasy

## VALINY ANDRASANA

Lazaiko izay tadidiko mahakasika :

- ▶ **Ny endrika isehoan'ny fifampitsimbinana** : fifanomezan-tanana, valin-tanana, fifarimbonana ; fifanampiana, fifanohanana ; fifampitondrana, fifamelana ; fifamonjena, ...
- ▶ **Sehatra azo ampiharana azy** : ampiharina eny anivon'ny ankohonana, fianakaviana, fiaraha-monina , an-tsekoly, namana.
- ▶ **Ny toetra amam-pihetsika mendrika mampisy ny fifampitsimbinana mirindra** :
- ▶ - Mahay mihaino sy mifampihaino .Tsy mifampialona.
  - Miteny malefaka sy am-panajana rehefa miresaka .
  - Manana fandavan-tena hanampy ny hafa .
  - Manolo-tena hisolo ny toeran'ny namana tsy afaka manao zavatra toy ny tena ?
  - Mifanome tanana amin'ny fanatanterahana asa .
  - Manohana sy manampy ireo tra-pahasahiranana .

- Mifanome tanana amin'ny fanatanterahana asa.
- Mametraka amin'ny toerany ny marefo sy ireo manana fahasembanana ho fitsimbinana ny ainy.
- Mifampitsinjo amin'ny fanatontosana ireo adidy aman'andraikitra.
- Mahay mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Misafidy ny valiny marina amin'ny fametrahana ao anaty mahitsizoro ireo endrika fifampitsimbinana.
- ▶ Misafidy ny valiny marina amin'ny fanamarihana X ny kiefitra mifanandrify amin'izany.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mampisafidy ny valiny marina amin'ny fametraha ao anaty mahitsizoro ireo endrika fifampitsimbinana.
- ▶ Mampisafidy ny valiny marina amin'ny fametrahana X ao anaty kiefitra mifanandrify amin'izany.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

### Sahanasa 1

Atao anaty mahitsizoro ny endrika fifampitsimbinana :

- [fifanomezan-tanana]
- fifanjanana
- [fifarimbonana]
- fifanaratsiana
- fanaovana kely tsy mba mamindro
- [fifanampiana]
- [fifanohanana]
- [fifamelana]
- [fandeferana]

Sahanasa 2

| HEVITRA AROSO | MENDRIKA | TSY MENDRIKA |
|---|---|---|
| a) Raha misy olona mangataka fanampiana dia henoina tsara izay tiany hambara ary tanterahina raha afaka manao izay ilany fanampiana aho. | X | |
| b) Ilaina ny mifampitsinjo amin'ny fanatontosana ireo adidy ara-bola fa tsy mitovy ny fahafaha-manao ho an'ny tsirairay. | X | |
| d) Vao mainka miteraka fahasahiranana ho an'ny tena ny fipetrahana amin'ny toeran'ny hafa eo amin'ny fiainana ka aleo tsy raharahiana ny fitarainany. | | X |
| e) Efa akaiky ny ora fidiran'i zandry, kanefa tokony mbola hanasa lovia izy vao handeha. Izaho tsy mianatra anio, ka nataoko ny sasa loviany, fa aleo izy handeha sao ho diso fidirana. | X | |
| f) Tena nalahelo aho satria tsy mba nampitovian'ny mpampianatra ny fandraisana anjara rom-patsa famangiana ny talenay teraka, fa samy mba manao izay foiny, hoy izy. | | X |

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mitantara tranga iray maneho fifampitsimbinana anehoana fahaizana mitsimbina ny hafa sy fandalana ny soatoavina.
- ▶ Manentana ny hafa mba hifampitsimbina sy haneho ireo toetra amam-pihetsika mendrika mampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mampitantara tranga iray maneho fifampitsimbinana anehoana fahaizana mitsimbina ny hafa sy fandalana ny soatoavina.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hamorona fanentanana sy hanentana ny hafa mba hifampitsimbina ka haneho ireo toetra amam-pihetsika mendrika mampisy fiaraha-miaina anjakan'ny fifampitsimbinana.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Asan-tarika
- ▶ Mifandimby maneho ny asany ny isan-tarika
- ▶ Lalao anjara asa
- ▶ Seho

***Fitaovana***

- ▶ Tranga hafa foronin'ny mpianatra
- ▶ Seho sehatra

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Ohatra azo raisina : tsy hifanjana amin'ny marefo amin'ny asa mila herim-batana, hitsinjo ireo tsy manana fahafaha-manao amin'izay ifanarahan'ny maro amin'ny lafiny rehetra, hihaino ny hafa ary hiezaka hipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa mila fanampiana.
  - Tarafina amin'ny fihetsiny sy ny toetrany ny mpianatra araka ny tranga noraisiny ao amin'ny fiarahamonina ao an-tsekoly raha maneho fa mahay mitsimbina ny hafa izy.
  - Raha maneho fa mpandala ny soatoavina tokoa izy.
- ▶ Arakaraka ny toetra aseho na teny na fomba fanentanana lazain'ny mpianatra.

# NY FANANDRATANA NY VITA MALAGASY

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fandraisana andraikitra, fahamarinana |
| **Voka-pianarana manokana** | Manandratra ny taozavatra vita malagasy |
| **Votoatiny trandrahIna** | ▶ Ny taozavatra tsara kalitao.<br>▶ Ny tokony hatao hitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy.<br>▶ Ny atao ho fanandratana ny taozavatra vita malagasy. |
| **Fahalalana** | Mahafantatra ireo fomba hanandratra ny taozavatra vita malagasy. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ▶ Ny vahiny no tena manjifa ny asa tanana malagasy.<br>▶ Tsy mateza na mora simba ny asa tanana malagasy.<br>▶ Lafo loatra ny vidin'ny ny asa tanana malagasy. |

**Fahaiza-manao enti-miaina**

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

Mahay mandrindra ny fihetseham-po, manana fomba fijery miabo, mahay mioitra eo amin'ny fiainana.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy firaha-monina amin'ny hafa**

- ▶ Mandrindra ny finamanana.
- ▶ Mandrindra ny fihetseham-po manoloana ny tranga samihafa.
- ▶ Afaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy manimba ny ho avy sy mitondra amin'ny fampivelarana sy fampivoarana**

- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra rehefa nahazo ny fahalalana sy antontam-baovao ilaina amin'izany.
- ▶ Afaka mamaha olana.
- ▶ Toe-tsaina mahay mamorona.
- ▶ Mihetsika mba hahatratra ny tanjona.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

- ▶ Mahay mitsikera.
- ▶ Mahay mamorona.
- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra.
- ▶ Mandray andraikitra.

**Fitondran-tena andrasana**

- ▶ Fanjifana ny vita malagasy.
- ▶ Fankafizana ny vita malagasy.
- ▶ Fanentanana ny hafa hanjifa ny taozavatra malagasy.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mamaky ny lahatsoratra mba hahazoana ny tiany hambara.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra hamaky ny lahatsoratra sy hahazo ny tiany hambara.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Lahatsoratra

## VALINY ANDRASANA

Mamaky ny lahatsoratra ny mpianatra ary manakatra ny tiany hambara : nanjifa ny asa tanana malagasy , Malagasy toa ahy.

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Milaza ny akora nanamboarana ilay kiraro.
- Milaza ny kalitao ananan'ilay kiraro.
- Mamantatra ny antony nividianan' izy mianaka ilay kiraro.
- Mamantatra ny antony tsy hanjifan'ny olona ny taozavatra vita malagasy.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- Mizara ny mpianatra ho tarika.
- Mitarika ny mpianatra :
  - hilaza ny akora nanamboarana ilay kiraro ;
  - hilaza ny kalitao ananan'ilay kiraro ;
  - hamantatra ny antony nividianan'izy mianaka ilay kiraro ;
  - hamantatra ny antony tsy hanjifan'ny olona ny taozavatra vita malagasy.

***Tetika amam-paika***

- Asan-tarika
- Fanehoan-kevitra (mitovy ny fanontaniana valian'ny tarika tsirairay)

***Fitaovana***

Lahatsoratra

## VALINY ANDRASANA

1. Ny akora nanamboarana ilay kiraro : hoditr'omby.
2. Ny kalitao ananan'ilay kiraro : vita amin'ny hoditr'omby , voazaitra amin'ny kofehy matanjaka ny manodidina azy, voadinty ihany koa
3. Ny antony nividianan'izy mianaka ilay kiraro : satria mafy.
4. Ny antony tsy hanjifan'ny olona ny taozavatra vita malagasy : somary lafo ny vidiny

## ITARIKO NY FAHALALAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mampifandray amin'ny tsilo ny taozavatra sy ny sokajy misy azy.
- ▶ Mitady ny tokony hatao hitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy.
- ▶ Mitanisa ny tokony hatao hanandratana ny vita malagasy.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mitarika ny mpianatra hampifandray amin'ny tsilo ny taozavatra sy ny sokajy misy azy.
- ▶ Mitarika ny mpianatra  hitady ny tokony hatao hitazonana ny laza tsaran'ny vita Malagasy, ao anaty fafana.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hitanisa ny tokony hatao hanandratana ny vita malagasy, ao anaty  fafana.
- ▶ Mandravona ny asan'ny tarika.

***Tetika amam-paika***

- Asan-tarika
- Famenoana fafana
- Asa an-tarika arahina fanohanan-kevitra.
- Famenoana fafana

***Fitaovana***


*Kraft* sy fanoratana

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Ampifandraisiko amin'ny tsilo izay valiny mifanaraka aminy.

| | |
|---|---|
| Asa rafitra hazo | Fandriana<br>Zinga<br>Seza |
| Asa sokitra | Haingon-trano<br>Koveta<br>Sinibe |
| Asa vita amin'ny hoditra | Fitoerana labozia<br>Fehikibo<br>Fasiana tain-tsigara |
| Asa vita amin'ny tefy | Kapa<br>Antsy<br>Kitapo |



## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 2**

Soratako izay tokony hatao hitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy.

- Avy amin'ny mpanao taozavatra :
  - fitadiavana izay fomba hahatsara ny akora ampiasaina ;
  - fitazonana hatrany ny kalitao tsy hiova na maro aza ny tinadin' ny asa vita malagasy ;
  - tsy maka tahaka ny vitan'ny mpamorona hafa ;
  - tsy manao asa koropaka na zara fa vita.
- Avy amin'ny mpanjifa :
  - manjifa ny taozavatra vita malagasy ;
  - tsy manaratsy ny taozavatra vita malagasy.

**Sahanasa 3**

Safidiko ny teny hamenoiko ny banga amin'ny teny ao anaty fonosana mba hanehoana ny fanandratana ny taozavatra vita malagasy.

| | |
|---|---|
| Avy amin'ny mpanao taozavatra | **Hatsaraina** ny kalitaon'ny asa.<br>Mamorona fa **tsy maka** tahaka ny asa vitan'ny namana. |
| Avy amin'ny mpanjifa | Manjifa ny vita **malagasy** aho.<br>Fadiana ny **manaratsy** ny vita malagasy. |
| Avy amin'ny mpitondra | **Manome** lanja ny zon'ny mpamorona.<br>Manampy ara-bola ny **mpanao** asa tanana. |
| Avy amin'ny mpianatra | **Manjifa** ny vita malagasy.<br>**Mankamamy** ny vita malagasy. |

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidiny momba ny :

- ▶ atao hoe taozavatra tsara kalitao ;
- ▶ fitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy ;
- ▶ hanandratana ny taozavatra vita malagasy.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra hitanisa izay tadidiny momba ny :

- ▶ atao hoe taozavatra tsara kalitao ;
- ▶ fitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy ;
- ▶ fanandratana ny taozavatra vita malagasy.

***Tetika amam-paika***

Tosa-kevitra

***Fitaovana***

*Kraft* sy fanoratana

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Ny atao hoe taozavatra tsara kalitao : taozavatra vita amin'ny akora voafantina, voakaly, kanto ary mateza.
- ▶ Ny fitazonana ny laza tsaran'ny vita malagasy : fitadiavana izay fomba hahatsara ny akora ampiasaina, fitazonana hatrany ny kalitao tsy hiova na maro aza ny tinady ny asa vita malagasy.
- ▶ Ny fanandratana ny taozavatra vita malagasy : atao tsara ny kalitao, manjifa ny taozavatra vita malagasy, fampivondronana ny mpanao taozavatra.

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mameno ny banga eo amin'ny fehezanteny.
- ▶ Mikaroka ny olana sy ny vahaolana mifandraika amin'ny taozavatra iray.
- ▶ Manisy tsipika eo ambanin'ny fehezanteny marina ary manitsy izay diso.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mitarika ny mpianatra hamaky ny fanontaniana ka takiny ny :
  - hameno ny banga eo amin'ny fehezanteny ;
  - hikaroka ny olana sy ny vahaolana mifandraika amin'ny taozavatra iray ;
  - hanipika ny eo ambanin'ny fehezanteny marina ary fanitsiana izay diso.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- ▶ Fenoiko ny banga.
  - Tazonina hatrany ny **kalitaon'ny asa atao** na maro aza ny tinady.
  - Isan'ny **manimba** ny lazan'ny taozavatra ny fanaovana asa zara fa vita.
  - Efa mahasarika ny tanora izao ny fanjifana ny taozavatra vita amin'ny **rofia**.
  - Ny fivondronan'ny mpanao taozavatra no ahafahana **miaro** ny zon'ny tsirairay.

- ▶ Karohiko ny olana sy ny vahaolana mifandraika amin'ny taozavatra.

| | | |
|---|---|---|
| Zaitra an-tsena | Olana | Tsy mateza, mora rovitra |
| | Vahaolana | Hatsaraina ny kalitao |
| Hosodoko | Olana | Lafo ny akora ampiasaina |
| | Vahaolana | Fitadiavana mpiara-miasa hanohana ara-bola |
| Fanaka vita amin'ny hazo | Olana | Tsy mateza, mora tapaka |
| | Vahaolana | Hatsaraina ny akora, atao maina tsara ny hazo ampiasaina |

- ▶ Asio tsipika eo ambanin'ny fehezanteny marina
  - Ny mpanao asa tanana malagasy dia zatra manao asa koropaka ; (diso)

Fanitsiana : Tsy ny mpanao asa tanana malagasy rehetra no zatra manao asa koropaka.

  - Ny vahiny no tena manjifa ny asa tanana malagasy : (marina)
  - Tsy miraharaha ny fisian'ny asa tanana malagasy ny tanora : (diso)

Fanitsiana : Misy ny tanora malagasy mankafy ny asa tanana malagasy .

## IAINAKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Manohana hevitra mikasika ny hoe : « Tianao ve ny manjifa ny taozavatra malagasy ».

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mitarika ny mpianatra hizara tarika roa ka ny iray manao **eny** ny iray manao **tsia,** samy manohana ny heviny ny tarika tsirairay.
- ▶ Mitarika ny mpianatra hanao fanohanan-kevitra amin'ny fanomezana valiny 5 avy.
- ▶ Mandravona ny asan'ny tarika.

***Tetika amam-paika***

- ▶ Fanohan-kevitra : manaiky sa tsy manaiky
- ▶ Asan-tarika

***Fitaovana***

*Kraft* sy fanoratana

## VALINY ANDRASANA

Manao fanohanan-kevitra mikasika ny hoe : « tianao ve ny manjifa ny taozavatra malagasy ? »

Tarika 1 : tiako ny manjifa ny taozavatra malagasy satria (Ohatra : manohana ny mpanao asa-tanana malagasy, ...).
Valiteny fanohanan-kevitra miisa 5 no tadiavin'ny mpianatra isaky ny tarika.

Tarika 2 : Tsy tiako ny manjifa ny taozavatra malagasy satria (Ohatra : lafo loatra, mora simba, ratsy kalitao, ...).
Valiteny fanohanan-kevitra miisa 5 no tadiavin'ny mpianatra isaky ny tarika.

# LOHAHEVITRA FAHEFATRA : NY FANABEAZANA ARA-TSOSIALY SY ARA-BOLA

## NY FITANTANAM-BOLA

| | |
|---|---|
| **Fahendrena voizina** | Fahaizana mihary, fahaizana mitsinjo ny hoavy |
| **Voka-pianarana manokana** | ▶ Maneho ireo toetra tsara tokony hananana mikasika ny fitantanam-bola.<br>▶ Manolotra paikady hitondrana vahaolana maharitra amin'ny olana ara-bola sy ara-tsosialy. |
| **Votoatiny trandrahina** | Ireo toetra tsara tokony hananana mikasika ny fitantanam-bola<br>▶ Ireo andraikitra mikasika ny fitantanam-bola.<br>▶ Ireo antony mahatonga ny olana ara-bola sy ara-tsosialy.<br>▶ Ireo dingana amin'ny paikady ho famahana ny olana ara-bola sy ara-tsosialy. |
| **Fahalalana** | ▶ Mahalala ny toetra amam-pihetsika mendrika sy mandray andraikitra  manoloana ny fitantanam-bola.<br>▶ Mahafantarana ny antony mahatonga ny olana ara-bola sy ara-tsosialy.<br>▶ Mahalala ny fandaharana ny olana hovahana araka ny laharam-pahamehana sy ny paikady hamahana ny olana ara-bola sy ara-tsosialy. |
| **Fomba fijery sy toe-tsaina mifanaraka amin'ny lohateny** | ▶ Resy lahatra fa arakaraka ny eo am-pelatanana no tokony ho fandaniana atao.<br>▶ Manaiky fa zava-dehibe ny mandanjalanja ny zava-misy iainana.<br>▶ Manaiky fa laharam-pahamehana ny fitsinjovana  ny hoavy. |

### Fahaiza-manao enti-miaina

**Fahafantarana sy fanomezan-danja ny tena**

- ▶ Manana fahatokisana ny tenany.
- ▶ Mahay mandrindra ny fihetseham-po.
- ▶ Afaka mamaritra tanjona eo amin'ny fiainana sy mandrafitra ny fomba hanatratrarana an'izany.
- ▶ Mahay mihoitra eo amin'ny fiainana.
- ▶ Mahay mandrindra ny fanerena sy fitarihan'ny hafa.

**Fahafehezana ny fifandraisana sy  firaha-monina amin'ny hafa**

- ▶ Mandrindra fihetseham-po manoloana tranga samihafa.
- ▶ Afaka mipetraka eo amin'ny toeran'ny hafa.
- ▶ Mahay mandrindra ny tsindry sy ny faneren'ny hafa.

**Fandraisana fanapahan-kevitra tsy  manimba ny hoavy sy mitondra ho amin'ny fampivelarana sy fampivoarana :**

- ▶ Manana toe-tsaina tia mitsikera sy mahay mitsikera manoloana ny zava-misy.
- ▶ Afaka mamaha olana.
- ▶ Mihetsika mba hatratrarana ny tanjona.

**Fandraisana andraikitra eo anivon'ny fiarahamonina**

- ▶ Mahay mandray fanapahan-kevitra.
- ▶ Mandala ny soatoavina.
- ▶ Mandray andraikitra.

### Fitondran-tena andrasana

- ▶ Mahay mifehy ny fihetseham-po.
- ▶ Mahay mitsinjo ny hoavy.
- ▶ Mahay miombom-po amin'ny hafa.

## DINIHIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Mamaky mangina ny lahatsoratra.
- ▶ Mamaky amim-peo avo ny lahatsoratra.
- ▶ Manakatra ny hevitra voizin'ny lahatsoratra.

***Andraikitry ny mpampianatra***

- ▶ Mampamaky mangina ny lahatsoratra.
- ▶ Mampamaky amim-peo avo mpianatra vitsivitsy ny lahatsoratra.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Lahatsoratra (Trangam-piainana iray)

## VALINY ANDRASANA

Ny lahatsoratra dia miresaka :

- ny ankohonana misy an'i Tamby sy i Bao.
- mpianatra i Tamby sy i Bao.
- mpandrafitra ny ray aman-drenin'izy ireo.
- narary ny reniny, ...

## FAKAFAKAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- ▶ Milaza ny fari-piainan'ny ankohonana niavian'i Tamby sy i Bao.
- ▶ Manazava ny fandaniana tsy azo ialana ao amin'ny ankohonana misy azy ireo.
- ▶ Milaza ny fandaniana nataon'ity ankohonana ity ankoatra ireo efa tsy azo ialana.
- ▶ Mamantatra ny nitranga tamin'ny renin'i Tamby sy i Bao.
- ▶ Milaza ny fepetra noraisin'izy mianadahy mahakasika ny fianaran'izy ireo, raha mbola tsy afaka niverina avy hatrany tany an-tsekoly izy ireo taorian'ny nahasitranan'ny reniny.
- ▶ Manoratra olana hafa ankoatra ny voalazan'ny trangam-piainana tao anaty lahatsoratra .

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra :

- ▶ hilaza ny fari-piainan'ny ankohonana niavian'i Tamby sy i Bao.
- ▶ hanazava ny fandaniana tsy azo ialana ao amin'ny ankohonana misy azy ireo.
- ▶ hilaza ny fandaniana nataon'ity ankohonana ity ankoatra ireo efa tsy azo ialana.
- ▶ hamantatra ny nitranga tamin'ny renin'i Tamby sy i Bao.
- ▶ hilaza ny fepetra noraisin'izy mianadahy mahakasika ny fianaran'izy ireo, raha mbola tsy afaka niverina avy hatrany tany an-tsekoly izy ireo taorian'ny nahasitranan'ny reniny.
- ▶ hanoratra olana hafa ankoatra ny voalazan'ny trangam-piainana tao anaty lahatsoratra amin'ny karatra VIPP ary mametaka izany eny amin'ny Kraft/Solaitrabe.

***Tetika amam-paika***
Asa an-tarika arahina fanehoana ny asa vita sy fifanakalozan-kevitra
***Fitaovana***
- Lahatsoratra
- *Kraft*
- *Marker*
- *Masking tape*

## VALINY ANDRASANA

- Ankohonana manana fari-piainana tsy dia manana ny ampy loatra i Tamby sy i Bao.
- Ireo fandaniana tsy azo ialana ao amin'ny ankohonana misy azy ireo dia saram-pianaran'i Tamby sy i Bao, ireo filana fototra ary saram-pitsaboana ny marary.
- Nividy ireny fitaovan-tserasera fampiasan'ny tanora ireny.
- Narary mafy ny reniny ka voatery niditra hopitaly.
- Raha mbola tsy afaka niverina avy hatrany tany an-tsekoly taorian'ny nahasitranan'ny reniny dia niezaka nampiana-tena tao an-trano izy ireo mba tsy hanadinoana ny efa hay.
- Manoratra olana iray amin'ny karatra VIPP ary mametaka izany eny amin'ny Kraft/Solaitrabe. Ohatra : fisian'ny areti-mifindra, tsy fisian'ny vaksiny, tsy fahapian'ny fanafody, fikorontanan'ny toetrandro, fiparitahan'ny fako eny rehetra eny, voaloto ny rano, tsy fahampiam-bola lava, tsy voaloha ny saram-pianarana, hidiran-trosa amin'izay atao, tsy ampy ny fifampiresahana eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka, mihena ny fifanajana eo amin'ny samy olona, maro ny tanora no mirona amin'ny zava-mahadomelina.

## ITARIKO NY FAHALALAKO

Sahanasa 1-2-3
***Andraikitry ny mpianatra***
- Manasokajy ao anaty fafana ireo karazana olana voatanisa.
- Mamerina mitanisa ireo olana ara-bola ary manisy tsipika eo ambanin'iray amin'izy ireo izay tena maika ka tsy maintsy vahana.

**Ampiasaiko ny hazon'olana sy ny hazon-tanjona amahana izany :**
- Mandray an-tanana ny famahana ny olana ara-bola : « tsy fahampiam-bola lava »
- Milaza ny antony mahatonga ny olana sy ny fiantraikan'izany eo amin'ny tokantrano voakasika.
- Maneho ny asany
- Mamadika ho tanjona ilay olana.
- Milaza ny tokony hatao hanatrarana ny tanjona sy ny vokatra andrasana.
- Maneho ny asany

***Andraikitry ny mpampianatra***
- Manome toromarika ny mpianatra mba :
  - hanasokajy ao anaty fafana ireo karazana olana voatanisa ;
  - hamerina mitanisa ireo olana ara-bola ary hanisy tsipika eo ambanin'iray amin'izy ireo izay tena maika ka tsy maintsy vahana.

2. **Ampiasaiko ny hazon'olana sy ny hazo tanjona hamahana izany :**
- Mizara ho tarika 5 ny mpianatra.
- Manome kraft sy karatra VIPP ny isan-tarika.
- Hazon'olana
  - Mampandinika ny sarina hazon'olana efa voaoman'ny mpampianatra amin'ny kraft.
  - Mampanao hazon'olana ny isan-tarika.
  - Mampametraka ny isan-tarika eo afovoan'ny hazon'olana ilay olana maika ka tsy maintsy vahana, navoaka tamin'ny karatra VIPP « tsy fahampiam-bola lava. »
  - Mampanoratra eo amin'ny fakan'ny hazo ireo mety ho anton'ny olana.
  - Mampanoratra eny ambony amin'ny rantsany kosa ny mety ho fiantraikany.
  - Mitarika ny isan-tarika haneho ny asany
- **Hazo tanjona**
  - Maneho sarin'ny hazo tanjona efa voaomana amin'ny kraft ny mpampianatra
  - Mizara kraft sy karatra VIPP ny isan-tarika
  - Mampanoratra hazo tanjona ny isan-tarika
  - Mampamadika ho tanjona ilay olana (Ohatra : ampy ny eo am-pelatanana)
  - Mampametraka ny isan-tarika eo afovoan'ny hazo tanjona ny tanjona amin'ny karatra VIPP
  - Mampanoratra eo amin'ny fakan'ny hazo ny asa atao hatao
  - Mampanoratra eny ambony amin'ny rantsany kosa ny vokatra andrasana
  - Mitarika ny isan-tarika haneho ny asany

***Tetika amam-paika***
- Tosa-kevitra
- Asan-tarika

***Fitaovana***
- Lahatsoratra
- Kraft
- Marker
- Masking tape
- karatra VIPP (taratasy matevina miloko samihafa tapatapahana)

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Fanasokajiana ao anaty fafana ireo karazana olana voatanisa.

| Olana ara-bola | Olana ara-tontolo iainana | Olana ara-pahasalamana | Hafa |
|---|---|---|---|
| - tsy fahampiam-bola lava<br>- tsy voaloha ny saram-pianarana<br>- hidiran-trosa amin'izay atao | - fikorontanan'ny toetrandro<br>- fiparitahan'ny fako eny rehetra eny<br>- voaloto ny rano | - fisian'ny areti-mifindra<br>- tsy fisian'ny vaksiny<br>- tsy ampy ny fanafody | - tsy ampy ny fifampiresahana eo amin'ny ray aman-dreny sy zanaka<br>- mihena ny fifanajana eo amin'ny samy olona<br>- maro ny tanora no mirona amin'ny zava-mahadomelina |

**Sahanasa 2**

Ireto no olana ara-bola amin'ireo :

- tsy fahampiam-bola lava ;
- tsy voaloa ny saram-pianarana ;
- hidiran-trosa amin'izay atao.

**Sahanasa 3**

Ampiasaiko ny hazon'olana sy ny hazon-tanjona hamahana izany :

- Fandraisana  an-tanana ny famahana ny olana ara-bola : « tsy fahampiam-bola lava »
- Sary hazon'olana efa voaomana amin'ny *kraft.*

**HAZON'OLANA**

- Soratan'ny isan-tarika ao anaty *kraft* ilay hazon'olana
- Apetraky ny isan-tarika eo afovoan'ny hazon'olana ilay olana maika navoaka  tamin'ny karatra VIPP : **« tsy fahampiam-bola lava »**
- Ireo mety ho anton'ny olana (atao eo ambanin'ny olana).
  - Tsy fisian'ny asa.
  - Mandany vola amin'ny rendrarendra maro.
  - Tia mandanilany foana.
  - Hakamoana.
  - Kely fidiram-bola.
  - Fisondrotan'ny vidim-piainana.
- Ireo mety ho fiantraikany (atao eo ambonin'ny olana)
  - Tsy manana tahiry.
  - Fahasorosorenana/ rarin-tsaina
  - Tsy fahampian-tsakafo.
  - Tsy misy ho enti-miatrika ny tranga tsy ampoizina.
  - Tsy fahafahana miantoka ny fianarana.
  - Fahantrana
- Fanehoana ny asan'ny isan-tarika
- Famadihana ho tanjona ilay olana « Ampy ny eo am-pelatanana »
- Fanehoana sarin'ny hazon-tanjona efa voaomana amin'ny *kraft.*

**HAZOM-BAHAOLANA**

- Fanoratana hazon-tanjona ao anaty kraft
- Fametrahan'ny isan-tarika eo afovoan'ny hazon-tanjona  ny tanjona amin'ny karatra VIPP **« Ampy ny eo am-pelatanana »**

- ▶ Ireo asa hatao
  - Mifanakalo hevitra amin'ny ray aman-dreny eo amin'ny fiainana.
  - Mifanampy amin'ny asa fivelomana ny ankohonana.
  - Izay tena ilaina no ampiasana vola.
  - Izay sahaza ny ankohonana no ampiasaina.
  - Maneho fahavononana eo amin'ny fiainana.
  - Mifady ny fandanilaniam-poana.
- ▶ Ireo vokatra andrasana
  - Manana tahiry.
  - Finaritra lalandava.
  - Misakafo ara-pahasalamana.
  - Afaka mitsinjo izay mety hitranga tampoka.
  - Azo antoka ny fitohizan'ny fianarana.
  - Fandrosoana amin'ny lafiny maro.
  - Manana ny ampy amin'ny ara-bola.
- ▶ Fanehoana ny asan'ny isan-tarika

## TADIDIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

Mitanisa izay tadidiny mikasika ny fomba fitantanam-bola.

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mitarika ny mpianatra hitanisa izay tadidiny mikasika ny fomba fitantanam-bola

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Kahie sy penina

## VALINY ANDRASANA

Tanisaiko izay tadidiko mikasika ny fomba fitantanam-bola :
- ▶ fandaniana araka ny laharam-pahamehana atao ;
- ▶ fifadiana amin'ny fandanilaniam-poana ;
- ▶ fanatanterahana izay asa tokony ho vita mba tsy hamoahana vola ;
- ▶ fikojakojana izay ananana mba haharitra ;
- ▶ fanaovana tahiry.

## HAIKO

***Andraikitry ny mpianatra***

- Mameno ny banga eo amin'ny fehezanteny.
- Manangana drafitrasa hanatrarana ny tanjona napetraka teo amin'ny hazo tanjona.

| | Rahoviana | Aiza | Faharetany | Tompon'andraikitra |
|---|---|---|---|---|
| ASA1 | | | | |
| ASA2 | | | | |
| ASA3 | | | | |

***Andraikitry ny mpampianatra***

Mampameno ny banga eo amin'ny fehezanteny.

Mampanangana drafitrasa hanatsarana ny tanjona napetraka teo amin'ny hazo tanjona.

***Tetika amam-paika***

Asa samirery

***Fitaovana***

Kahie sy Penina

## VALINY ANDRASANA

**Sahanasa 1**

Fenoiko ny banga eo amin'ny fehezanteny :

Ny tsy fahampiam-bola lava dia karazana olana ara-bola iray ary ny fandanilaniam-poana no antony lehibe mahatonga izany. Misy fiantraikany ratsy toy ny fahatapahan'ny fianarana sy ny sakafo tsy zarizary nefa izany.

Mba hisorohana ny olana ara-bola dia misy ireo paikady mahomby. Hilaza santionany iray amin'izany aho toy ny fanaovana fandaniana araka ny laharam-pahamehana.

**Sahanasa 2**

Drafitrasa hanatrarana ny tanjona napetraka teo amin'ny hazo tanjona aho.

| | Rahoviana | Aiza | Faharetany | Tompon'andraika |
|---|---|---|---|---|
| ASA1 | 11 Desambra 2023 | Eny an-tsekoly | 2 ora | Mpampianatra, « Elève leader », Mpianatra |
| ASA2 | 15 Janoary 2024 | Eny an tsekoly | 4 ora | Mpampianatra, « Elève leader », Mpianatra |
| ASA3 | 10 Febroary 2024 | Eny an-tsekoly | 4 ora | Mpampianatra, « Elève leader », Mpianatra |

### *Andraikitry ny mpianatra*

- Milaza ny nataony na ny torohevitra nomeny ilay olona mba nahafahana nitondrana vahaolana maharitra tamin'izany olana izany,
- Manomana teny fanentanana hozaraina amin'ny hafa ny amin'ny maha zava-dehibe ny fahaiza-mitantana ara-bola.

### *Andraikitry ny mpampianatra*

Mitarika ny mpianatra

- Hilaza ny nataony na ny torohevitra nomeny ilay olona mba nahafahana nitondrana vahaolana maharitra tamin'izany olana izany,
- Hanomana teny fanentanana hozaraina amin'ny hafa ny amin'ny maha zava-dehibe ny fahaiza-mitantana ara-bola.

### *Tetika amam-paika*

Asa samirery

## VALINY ANDRASANA

- Ireo nataoko na ny torohevitra nomeko mba nahafahana nitondrana vahaolana maharitra tamin'izany olana izany dia :
  - famaritana tanjona ;
  - famaritana drafitra mazava mba hitantanana ny enti-manana ;
  - fanaovana lisitra mazava ireo fandaniana tsy maintsy atao ;
  - fikarohana ireo filan'ny fiarahamonina ka mety hidiram-bola ;
  - fisafidianana tetikasa mampidi-bola haingana sady maharitra.
- Teny fanentanana hozaraina amin'ny hafa ny amin'ny maha zava-dehibe ny fahaiza-mitantana ara-bola : « Izay mahay mitantana, mahay mitsinjo ny hoavy »

## Nifarimbona tamin'ny famolavolana ity boky ity

Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena (MEN) :

RAKOTOVOLOLONA Helikanto Tsimandefitra (Tale DCRP), RAZAFIMANANTSOA Elisah (Tale DDIS), RAFARALAHIMANANA Charles (DCRP), BE Florida Gita (DCRP), MEVARISTE Célestin (DDIS), ANDRIAMADY Tsiriniaina Nivo Mboahangy (SG), ANDRIAMIRANTO Mira (DGP), RAZANAMORASOA Hasina (DCRP), RAZAIARINIRINA Rondro (DCRP), RANIVOARISOA Iandry Narindra (DCRP), RANOROALIRAVAKA Zoelifara (DCRP), RANDRIAMALALA Vololona (DCRP), RANDRIANOMENJANAHARY Sanda (DCRP), RANDRIARISOA Ellena (DCRP), RAVAONORO Malalaharivony Farasoa (DCRP), RABEHASIMANITRA Ando (DCRP), RANOROSOLO Hasina Farahanta (DCRP), RAKOTONIRINA Narisoa Joseph (DCRP), RANDRIAMIARINA Herisoa Mickaelle (DCRP), LEHOUX ANDRIAMAHERIZO Rakotoson (DCRP), RAKOTOARISOA Raymond (DCRP), RANIRINJATOVO Volantantely Luna (DCRP), RAKOTONDRAVONY Tantely Fanomezantsoa (DCRP), RANDRIAMAMONJY Nary Mahefa (DCRP), RAJAONERA Mamitiana Mickael (DCRP), RAZAFIMIARANA Andrinirina (DCRP), RATIARISON Solofo Hery (DDIS), RAKOTOMANGA Vololona Olga (DDIS), MAMPIANDRASON Andriamalala Jonah (DDIS), RAMAHEFARINONY Adrien (DDIS), RAFAMANTANATSOA Andriniaina (DDIS), RAKOTONDRATSIMBA Narindrahasina Norolalaina (DDIS), RAZAFIMANANTSOA Tahina ANDRIANINA (DDIS), RAMAHAVONJY Fréderic (DDIS), RAELIJAONA Solofoniaina (DDIS), RIVOEKEMBAHOAKA Solofonirina (DDIS), RASOAHAJA Alfred Martin (DEMC), BEJOMA Jean Rodric (DEMC), RAMIANDRASOA Andrianandraina Lionel (DEMC), RAKOTONDRANDRESY HOTAFITASOA Maherilaza (DEMC), RANDRIANANDRASANA Aubin (OEMC).

Ekipa RINDRA MSIS-tatao



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
MINISTÈRE DE L'ÉCONOMIE ET DES FINANCES

USAID
AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA

PNUD

RINDRA

Fanamafisana ny Fifampitondrana eto Madagasikara

tatao
tohana sy ainga ho an'ny tambazotran'ny olompirenena

TSY AZO AMIDY

*Ireo andiany niaraka natonta*




Ity boky ity no tanteraka dia noho ny fanohanan'ny vahoaka Amerikana amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (USAID) sy ny fanohanan'ny Fandaharanasan'ny Firenena mikambana ho an'ny Fampandrosoana (PNUD) ao anatin'ny tetikasa RINDRA : Fanamafisana ny Fifampitondrana eto Madagasikara , izay tanterahina ao anatin'ny taona 2021-2026. Ny vontoatin'ity boky ity dia andraikitry ny mpanoratra samirery ary tsy voatery ahitana taratra ny fomba fijerin'ny USAID na ny Governemanta Amerikana na ny PNUD.